



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fiteviana - Tanindrazana - Fandrosoana

REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-50EX

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA:

- ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26/02/2020 «portant ratification des ordonnances:
 - 2019-002 du 15 mai 2019
 - 2019-006 du 28 mai 2019
 - 2019-009 du 15 juillet 2019
 -
- ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 tamin'ny 26/02/2020 «portant ratification des ordonnances:
 - 2019-001 du 10 mai 2019
 - 2019-007 du 06 juin 2019
 - 2019-015 du 15 juillet 2019
 -
- ny volavolan-dalàna laharana faha-n°003/2020 tamin'ny 26/02/2020 «portant ratification des ordonnances:
 - 2019-008 du 15 juillet 2019
 - 2019-012 du 15 juillet 2019
 - 2019-013 du 15 juillet 2019

Fivoriana faha-3
Natao ny
Akakamisy 5 Martsa 2020
- Hariva -

FOTOPOTOTRY NY FIVORIANA

Natao ny

Alakamisy 5 Marsta 2020

- Hariva -

	Pejy
- Fitohizan'ny fivoriana	01
- Fiantsoana anarana	02
- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020	03
- Fanitsiana sy fanamarihana momba ny tatitra	07
- Fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020	09
- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020	12
- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020	15
- Fanamariaha sy fanitsiana momba ny tatitra	21
- Fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna	25
- Fandraisam-pitenenan'ny Vondrona Parlemantera	30
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020	32
- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2020	35
- Fanamarihana sy fanitsiana momba ny tatitra	37
- Fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna	39
- Fandraisam-pitenenan'ny Vondrona Parlemantera	40
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2020	41
- Fiatoan'ny fivoriana	44

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

FOTOANA: Akakamisy 5 Martsa 2020 tamin'ny 5 ora, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika:
- ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26/02/2020 «portant ratification des ordonnances:

- 2019-002 du 15 mai 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n°2018-008 du 11 Mai 2018 relative au régime général des élections et des référendums.
- 2019-006 du 28 mai 2019 portant loi organique modifiant certaines dispositions de la loi organique n°2015-007 du 3 mars 2015 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar.
- 2019-009 du 15 juillet 2019 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi modifiée n°99-022 du 19 août 1999 portant Code minier».

- ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 tamin'ny 26/02/2020 «portant ratification des ordonnances:

- 2019-001 du 10 mai 2019 relative au patrimoine routier.
- 2019-007 du 06 juin 2019 relative à l'ordre national.
- 2019-015 du 15 juillet 2019 relative au recouvrement des avoirs illicites».

- ny volavolan-dalàna laharana faha-n°003/2020 tamin'ny 26/02/2020 «portant ratification des ordonnances:

- 2019-008 du 15 juillet 2019 portant abrogation totale de la loi n°2017-011 du 28 juillet 2019 portant Politique Nationale du Cinéma et de l'image Animée.
- 2019-012 du 15 juillet 2019 abrogeant les dispositions de la loi n°97-035 du 1^{er} Décembre 1997 portant création du Fond d'Entretien Routier.
- 2019-013 du 15 juillet 2019 abrogeant les dispositions de la loi n°2005-046 du 24 avril 2005 portant création de l'Autorité Routier».

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Mitohy ny fivoriantseka.

Mamerina ny fiarahabana antsika Solombavambahoaka rehetra tonga manatrika izao fivoriana izao sy ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta.

Mahafaly ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ny manambara amintsika Solombavambahoaka, fa nivoaka indray ny gazety bokin'ny Antenimierampirenena izay ho antsika ato amin'ity Andrimpanjakana izy ity, vokatry ny fiara-miasa amin'ny «EISA» na ny «Institut Electoral pour une Démocratie Durable en Afrique». Efa nozaraina any amintsika izy io; samia mazoto mamaky isika manomboka izao.

langaviana Ramatoa Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana. Angamba sahalan'ny nanaovantsika azy omaly ihany; samy milaza ny anarany, fa ny Mpitantsoratra no manamarika ny fahatongavana.

Misaotra Tompoko.

- 2 -

- Fiantsoana anarana -

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

AFAKANDRO Alphonse

.....

ZAFINANDRO Perle Bien Aimée

Ramatoa FILOHA

Misaotra antsika Solombavambahoaka rtamin'ny fiantsoana anarana sady nanonona anarana tamin'ny fahatongavana teo. Misaotra ny Mpitantsoratra nanamarina ny fahatongavana.

Ny fandaharam-potoana amin'izao fivoriambe izao dia ny handiniantika sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020

- ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26/02/2020 «portant ratification des ordonnances:

- 2019-002 du 15 mai 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n°2018-008 du 11 Mai 2018 relative au régime général des élections et des référendums.
- 2019-006 du 28 mai 2019 portant loi organique modifiant certaines dispositions de la loi organique n°2015-007 du 3 mars 2015 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar.
- 2019-009 du 15 juillet 2019 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi modifiée n°99-022 du 19 août 1999 portant Code minier».

langaviana ny Mpampakatenin'ny Vaomiera mba hamaky ny tatitra momba izany.

Mandroso etỳ anoloana ny Mpampakateny azafady.

Miarahaba anao, Andriamatoa Solombavambahoaka, Mpampaka teny RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta; omena anao ny fitenenana.

- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 -

Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Faly miarahaba anareo mpikambana eo anivon'ny Governemanta sy ireo solotena mandrafitra izany, mpikambana teknisiana eo anivon'ny Governemanta, ny Minisitera isantsokajiny. Faly miarahaba antsika rehefa Solombavambahoaka ihany koa amin'izao hariva izao.

Toy izao ny tatitra momba izany volavolan-dalàna izany:

Nivory ny Alakamisy faha-5 Martsa 2020 tamin'ny 10 ora, maraina, ny Vaomiera mitambatra nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 **«portant ratification de l'Ordonnance n°2019-002 du 15 mai 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n°2018-008 du 11 mai 2018 relative au régime général des élections et des référendums, de l'ordonnance n° 2019-006 du 28 mai 2019 portant loi organique modifiant certaines dispositions de la loi organique n°2015-007 du 03 mars 2015 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, et de l'Ordonnance n°2019-009 du 15 juillet 2019 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi modifiée n°99-022 du 19 août 1999 portant Code Minier».**

Ramatoa **RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa**, Filohan'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika nanatrika ny fivoriana:

- 1- MOHAMAD Ahmad
- 2- RAJAABELINA Lova Herizo
- 3- TSIKIVY Adrien

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana amin'ny Vaomieran'ny Lalàna nanatrika ny fivoriana.

- 1- IDEALSON
- 2- PEPIN Michou
- 3- RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
- 4- ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
- 5- RATSIMANDRIONA Aida Hardy
- 6- RAFENOMANANTSOA Aina
- 7- VELONTSARA Paul Bert
- 8- RANDRIANANTENAINA Félicien
- 9- RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
- 10- RAKOTOMALALA Miarintsoa A
- 11- RAFIDIMANANA Narson

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana nanatrika ny fivoriana:

- 1- RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
- 2- NASIRA Julien
- 3- RABENARY Jean
- 4- VELONTSRA Paul Bert
- 5- ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- 6- RAKOTOMALALA Miarintsoa A.

Ireto avy ireo teknisiana nisolo tena ny Governementa:

Andriamatoa isany:

- | | | |
|---|-------------------------------|--|
| 1 | RAZAFIMAHEFA Tianarivelo | Ministre de l'Intérieur et Décentralisation |
| 2 | RAVOKATRA Fidiniavo | Ministre des Mines et des Ressources
Stratégiques |
| 3 | RASOLOMAHOLY RAKOTOZANANY C. | Secrétaire Générale MID |
| 4 | RANDRIAMAHENINA Théodore | DGAT MID |
| 5 | RAKOTONANAHARY Jean Yves Ravo | DELED/MID |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory sy niala tsiny Ramatoa Filoha dia nanontany an'Andriamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna mba hanome ny heviny mahakasika ny volavolan-dalàna laharana 001/2020 «**portant ratification de l'Ordonnance n°2019-002 du 15 mai 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n°2018-008 du 11 mai 2018 relative au régime général des élections et des référendums, de l'Ordonnance n°2019-006 du 28 mai 2019 portant loi organique modifiant certaines dispositions de la loi organique n°2015-007 du 03 mars 2015 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, et de l'Ordonnance n°2019-009 du 15 juillet 2019 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi modifiée n°99-022 du 19 août 1999 portant Code minier**», izay nanambara fa azo raisina araka ny lalàna ity volavolan-dalàna ity araka ny Didy laharana faha-04/HCC D/03 tamin'ny 5 Febroary 2020 izay manambara eo amin'ny andininy faha-2 fa manome alalana ny fahefana mpanantanteraka hametraka ny Lalàna eny amin'ny Parlemanta nandritra ny fe-potoana tsy fisian'ny fahefana mpanao Lalàna. Ao amin'ny andininy faha 120 ao amin'ny Lalàmpanorenana ihany koa dia milaza fa ireo fanapahan-kevitra rehetra noraisin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia tsy maintsy hajaina, ka mba ho fanatanterahana izany no mahatonga ny fankantoavana ity Volavolan-dalàna ity ankehitriny.

Taorian'izay dia nangataka ny teknisiana mba hanazavany ny antonantony mahakasika ny Volavolan-dalàna.

Andriamatoa **RAZAFIMAHEFA Tianarivelo**, Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana no nitondra ny fanazavana voalohany mikasika ny hitsivolana laharana faha-2019-002 tamin'ny 5 May 2019 mikasika ny fanovàna sy ny famenoana ireo fepetra sasany ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2018-008 tamin'ny 11 May 2018 mahakasika fepetra ankapoben'ny Fifidianana sy ny Fitsampan-kevim-bahoaka. Nambarany tamin'izany fa ny traik'efa azo tamin'ny fifidianana dia nahitana fa ilaina ny fanazavana ny natao hoe: Fampielezan-kevitra mikasika ny fifidianana izay natao handaniana kandida iray na lisitra ny kandida ho amin'ny toerana olom-boafidy; eo ihany koa ny atao hoe, Fampielezan-kevitra mikasika ny Fitsapan-kevim-bahoaka izay natao handaniana hevitra fotsiny ka hamalian'ny olona ho «ENY» na «TSIA».

Nasiany fanazavana ihany koa ny mahakasika ny andininy faha-60 sy faha-62 izay manambara ireo olona ambony na ireo manana andraikitra ambony sivily na miaramila izay tsy mahazo manao fampielezan-kevitra mandritry ny Fitsapan-kevim-bahoaka.

Taorian'izay dia nitondra fanazana ihany ity Minisitry ity mikasika ny hitsivolana laharana faha-2019-006 tamin'ny 28 May 2019 mitondra ny Lalàna fehizoro manova fepetra sasany amin'ny Lalàna fehizoro laharana faha-2015-007 tamin'ny 3 Martsa 2015 mahakasika ny fomba fiasa, ny fomba fifidianana ary ny fanendrena ireo Loholon'i Madagasikara, ka nametra azy ireo ho valo ambony folo (18) izay mitsinjara ho toy izao:

- Ny 2/3 na 12 dia fidiana izay miisa ho 2 isaky ny Faritany;
- Ny 1/3 na 6 kosa dia tendren'ny Filohan'ny Repoblika ka ny 3 dia atolotry ny Fikambanan'ireo Vondron-kery ara-ekonomika sy ara-tsosialy ary ny 3 kosa araka ny fahaizana manokana ananan'izy ireo.

Rehefa vita izay dia nitondra fanazana Andriamatoa **RAVOKATRA Fidiniavo**, Minisitry ny Harena an-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika izay mahakasika ny hitsivolana laharana faha-2019-009 izay manova sy mameno ny fepetra sasany ao amin'ny Lalàna laharana faha-99-022 tamin'ny 19 aogositra 1999 izay nasiam-panovona tamin'ny taona 2005 mahakasika ny Lalàna mifehy ny Harena an-Kibon'ny Tany. Nanamarika izy fa tsy azo afangaro amin'ny fanavaozana ataon'ny Komity maro lafy ankehitriny mahakasika ny Lalàna mifehy ny Harena an-Kibon'ny Tany ity hitsivolana ity, izay mameno fotsiny ihany ny tsy fanarahan-dalàna ara-panjakana misy eo amin'ny fitrandrahana izay tsy nisy teo amin'ny Lalàna teo aloha. Fanagiazana sy fanakatonana ny tany nanaovana ny fitrandrahana fotsiny ihany no nisy teo aloha, fa manomboka amin'ity hitsivolana ity dia iharan'ny sazy ara-panjakana sy sazy ara-bola ireo tsy manara-dalàna. Sokajiana ho heloka ara-panjakana ireto tranga ireto:

- Tsy fananana taratasy ara-panjakana manamarina ny fitrandrahana, ny fitondrana sy fitazonana, ny fitaterana, ny fivarotana, ny famadihana ary ny fanondranana harena an-kibon'ny tany.
- Ny fampiasana fitaovana tsy nahazahoana alàlana mifanaraka amin'ny taratasy fahazahoan-dàlana.
- Ny fampiasana fahazahoan-dàlana mba hanamarinana ny fitazonana sy ny fitondrana harena an-kibon'ny tany hafa ivelan'ny faripiadidiana ahazoana mitrandraka.
- Ny fampiasana ireo akora voararan'ny lalàna amin'ny fitrandrahana.
- Ny tsy fanajana ireo andraikitra sy fandaniana manokana mifamatotra amin'ny fitrandrahana.
- Ny fampiasana fitaovana tsy mifanaraka amin'ny fitrandrahana ny volamena hamidy.

Nambarany tamin'izany, fa avo folo heny ny sazy ara-bola ho an'ireo heloka ireo ary ny taha ara-bola efain'izy ireo dia voafaritry ny didy amam-pitsipika. Ao anatin'ny 48 ora no ampilazana ny fisian'ny heloka ary manana 72 ora kosa aorian'izay ny voaheloka hanaporofaony fa manana ny antontan-taratasy rehetra mifanaraka amin'ny fitrandrahana izay ataony izy.

Nanamarika ihany koa izy, fa tsara raha omena tambim-karama ireo olona nahita ireny tsy fanarahan-dalàna ireny mba ialana amin'ny kolikoly mety homen'ireo mpitrandraka tsy manara-dalàna azy ireo.

FANONTANIANA:

- 1- Inona ny fanavaozana entin'ity hitsivolana ity?
- 2- Iza no olona afaka misitraka ny «Quotes-parts», izay tambiny omena ireo olona nahita ny tsy fanarahan-dalàna eo amin'ny fitrandrahana?

VALINY:

- 1- Entina hanatsarana ny lalàna mifehy ny harena an-kibon'ny tany izay mitondra ny laharana faha-99-022 novaina tamin'ny 2005 izy ity.
- 2- Mahakasika ny «Quotes-parts» dia mety ho Zandary miaraka amin'ny «Police des mines» no mahita ireny tsy fanarahan-dalàna ireny, ka mitondra ny entana miakatra atỳ an-drenivohitra no tokony homena tambin-karama mba ialana amin'ny tsootra mety ataon'ireo voaheloka.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandaniana isan'andinin'ny ny volavolan-dalàna ireo mpikambana ao amin'ny Vaomiera mitambatra.

Andinin'ny voalohany: lany tsy nasiam-panintsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andinin'ny faha-2: lany tsy nasiam-panintsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andinin'ny faha-3: lany tsy nasiam-panintsiana sy tsy nasiam-panovàna

Nankatoavin'ny Vaomiera tamin'ny endriny tsy nasiam-panintsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2019 «**portant ratification de l'Ordonnance n°2019-002 du 15 mai 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n°2018-008 du 11 mai 2018 relative au régime général des élections et des référendums, de l'ordonnance n°2019-006 du 28 mai 2019 portant loi organique modifiant certaines dispositions de la loi organique n°2015-007 du 03 mars 2015 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, et de l'Ordonnance n°2019-009 du 15 juillet 2019 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi modifiée n°99-022 du 19 août 1999 portant Code minier**» ary hoentina eny amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 10 ora sy 25 minitra, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Mpampakateny, namaky an'izay tatitra izay.

Izao izany isika dia hiroso amin'ny fanamarihana, na fanitsiana, momba an'ilay tatitra natao teo, raha ohatra izany ka misy ny diso tsipelina.

Avy amintsika Solombavambahoaka, raha manana fanamarihana, izay vao ny Governemanta, raha manana fanamarihana.

Andriamatoa Minisitry ny Atitany, omena anao ny fitenenana amin'ny fanamarihana amin'ny hevitra ny «*rédaction*» mikasika ny tatitra.

- 4 -

- Fanitsiana sy fanamarihana momba ny tatitra -

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana
Misaotra, indrindra Ramatoa Filoha.

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena,
Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra,
Ianareo rehetra Solombavambahoakan'i Madagasikara.

Somary misy diso tsipelina kely ihany, angamba, tianay hitondrana fanamarihana kanefa indraindray ireny diso tsipelina ireny dia mety mampiova ny hevitra tiana ambara.

Ny voalohany, Tompoko, ny anarako dia RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, ao amin'ny pejy faharoa. Tsy misy "ha". Tsy hoe Tianarivelo, fa sao sanatria ireny no mahatonga zavatra. Tianarivelo, tsy misy "ha" eo afovoany, fa tonga dia Tianarivelo, «*Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation*».

Toy izany ihany koa ny an'Andriamatoa RAVOKATRA Fidiniavo, «*Ministre des Mines et des Ressources Stratégiques*».

Eto amin'ny pejy faha-3 indray, azafady. Hovakiako angamba, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, iny no ahitsy kely, Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana no nitondra ny fanazavana voalohany mikasika ny hitsivolana laharana faha-2019-002 tamin'ny 5 May 2019, mikasika ny fanovàna sy ny famenoana ireo fepetra sasantsasany amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2018-008 tamin'ny 11 May 2018, mahakasika ny fepetra ankapoben'ny Fifidianana sy ny Fitsapan-kevi-bahoaka. Nambarany tamin'izany fa ny traikefa azo tamin'ny fifidianana dia nahitana fa ilaina ny fanazavana ny atao hoe fampielezan-kevitra mikasika ny fifidianana, izay natao handaniana: natao handaniana tsy hoe olona iray ao anatin'ny lisitry ny olona hofidiana, fa mpilatsaka ho fidiana iray na lisitry ny mpilatsaka ho fidiana ho eo amin'ny toeran'ny olom-boafidy. Izay no tokony ho izy: mpilatsaka ho fidiana iray na lisitry ny mpilatsaka ho fidiana ho eo amin'ny toeran'ny olom-boafidy, azafady indrindra, Tompoko.

Midina eo ambany isika, eo amin'ny tsipika roa, mikasika ny loholona "Sénat" indray ny tsipika voalohany: ny 2/3 na ny 12 dia fidiana izay miisa roa isaky ny Faritany. Mety io.

Ny tsipika faharoa: ny 1/3 na ny enina kosa dia tendren'ny Filohan'ny Repoblika, ka ny telo dia atolotry ny Fikambanan'ireo Vondronkery ara-ekonomika sy ara-tsosialy.

Ny telo kosa araka ny fahaizana manokana ananan'izy ireo, fa tsy hoe fahaizana ara-teknika satria maro ny fahaizana mety ao aminy.

Eo ambany, amin'ny andalana farany, amin'ny pejy faha-3 sy ho amin'izay voakasik'izany, ny Minisitry ny Harena Ankibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika, fa tsy hoe harena Stratejika, azafady, Loharanon-karena Stratejika.

Izay, Tompoko, no diso tsipelina kely, tianay ahitsy.

Mankasitraka indrindra, Ramatoa Filoha,
Ianareo Solombavambahoakan'i Madagasikara.

Ramatoa FILOHA

Andriamatoa Minisitry ny Atitany, efa manana fitenenana ihany, ka hiverina kely fa misy fanamarihana, toy ny eo amin'ny fanitsiana ny pejy faha-2, ny fanitsiana natao tamin'Andriamatoa Minisitry RAVOKATRA Fidiniavo, "Ministre des Mines et des Ressources Stratégique", ny Stratégique" asiana "s".

Sao mbola misy manana fanamarihana na fanitsiana. Andriamatoa Solombavambahoaka, Filohan'ny Vaomiera, IDEALSON.

Andriamatoa IDEALSON

Misaotra nanome ny fitenenana.

Eo amin'ny pejy faha-2 ihany koa, eo ambanimbany eo. Miarahaba ny mpivory rehetra. Miala tsiny, Ramatoa Filoha, izay manambara fa "azo raisina ho mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana ity". Tsy tokony ho izay angamba no soratana eo fa "azo raisina araka ny lalàna", fa tsy azo raisina ho isan'ny araky ny Lalàmpanorenana. Tsy dia mijery amin'izay lafiny izay loatra isika, fa an'ny HCC izay. Azo raisina araka ny lalàna ity Volavolan-dalàna ity, araka ny didy sy ny ohatra an'izay. Azo raisina araka ny lalàna, fa tsy amin'ny Lalàmpanorenana. Fafana ny hoe mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Ramatoa Filohan'ny Vaomiera, Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ao amin'ny pejy faha-4, nahavoateny fotsiny ny mpitondra teny hoe: 14 ora ka raha tsy mamaky mantsy ny olona satria 48 ora no izy, fa 14 ora no voateny teo. Azafady fa fanamarihana ihany.

Misaotra betsaka, Tompoko.

- Fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 -**Ramatoa FILOHA**

Misaotra Tompoko. Izany hoe ny voasoratra tsy miova, fa ny nambara teo no diso.

Mbola misy manana fanamarihana ve.

Rehefa tsy misy intsony ny fanamarihana avy amin'ny andaniny sy ny ankilany, izao dia omena ny solotenan'ny Governemanta, izany hoe izay nanohana an'ity "Ordonnance" ity. Teknisiana toa anareo, ka mba hazavao kely ny "ordonnances" telo tafiditra ato anatin'ny "Projet de loi n°001/2020".

Manome fanazavana fohifohy ianareo.

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana

Mankasitraka indrindra, Ramatoa Filoha.

Misaotra nanome ny fitenenana.

Izy ity dia hitsivolana voakasiky ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020.

Ny hitsivolana voalohany dia hitsivolana laharana faha-2019-001. Fantatsika tokoa fa misy ny fanomezam-pahefana nataon'ny Antenimiera tamin'ny Filohan'ny Repoblika satria tapitra ny fotoam-pivorian'ny fahefana mpanao lalàna.

Araka ny Lalàmpanorenana, afaka manome fahefana ny Filohan'ny Repoblika ny Antenimiera. Koa tamin'ny lalàna laharana faha-2019-001 tamin'ny 15 Febroary 2019 no nahafahan'ny Filohan'ny Repoblika nandray ny fahefana tamin'izany. Ilaina anefa ny mitazona ny toe-javatra araka ireo hitsivolana ireo, mba hiantohana ny faharetana sy ny tena maha lalàna azy, mahafeno tanteraka azy. Ny fahazoana ireo hitsivolana ireo, izay antsointsika hoe "valeur législative". Ny mahatonga azy hoe «valeur législative» dia tsy maintsy mandalo manoloana ny fankatoavan'ny Parlemanta ka izay no itondrana azy.

Ny hitsivolana voalazako teo, hitsivolana laharana faha-2019-002 tamin'ny 15 May 2019; izy io dia entina manova sy mameno ny fepetra sasantsasany amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2018-008 tamin'ny 11 May 2018, mikasika ny fepetra ankapobeny mifehy ny Fifidianana sy ny Fitsapan-kevi-bahoaka izay manazava misimisy kokoa ny fahasamihafan'ny atao hoe fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana sy ny fampielezan-kevitra amin'ny fitsapan-kevi-bahoaka.

Nahoana tokoa moa, satria araka ireny hitantsika tamin'ny fifidianana nisesy rehetra teto Madagasikara sy ireny fampielezan-kevitra rehetra ireny, mety hisy hita ihany mifangaro amin'ny sarababem-bahoaka. Inona no atao hoe fampielezan-kevitra ho amin'ny fifidianana ho an'ny olom-boafidy sy ny fampielezan-kevitra ho amin'ny fitsapan-kevi-bahoaka.

Ny fitsapan-kevi-bahoaka dia fanontaniana mazava tsara no mipetraka aminy. Izany hoe mety aminao ve raha izao na izao; ny valiny dia hoe ekenao ve na izao na izao. Ny valiny dia mazava be: eny na tsia. Izay no fampielezan-kevitra entina mba hanohanana zavatra iray, hevitra iray izany. Mazava be izany.

Faharoa, ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana olom-boafidy dia tena mpilatsaka hofidina izy io na lisitra mpilatsaka ho fidina.

Mazava angamba ny fanazavana momba ny hitsivolana voalohany, koa raha sitraklereo dia hiditra amin'ny hitsivolana faharoa aho.

Hitsivolana laharana faha-2019-006 tamin'ny 28 May 2019; entina mameno ny fepetra sasantsasany tamin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2015-007 tamin'ny 3 Martsa 2015 izy ity. Mamaritra ny fitsipika mikasika ny fomba fiasan'ny Antenimierandoholona sy ny fombafomba fifidianana hanendrena ny Loholon'i Madagasikara izay mamaritra ny isan'ny Loholona ho 18.

Raha lazaina amin'ny ambangovangony, nisy andalana miisa 6 fa ny lehibe amin'izany dia ny andalana voalohany izay mametra ny isan'ny Loholon'i Madagasikara ho 18. Izany hoe 2/3 amin'izy ireo, ny 12 fidina isaky ny Faritany ary ny 6 ny Filohan'ny Repoblika no manendry azy. Ny 3 amin'izy ireo atolotry ny vondrona avy amin'ny hery ara-ekonomika sy sosialy, ny 3 ambiny kosa ireo olona mahay manokana amin'ny sehatra misy azy tsirairay avy. Izay sy izay ny momba ny hitsivolana roa resahantsika eto.

Momba ny hitsivolana fahatelo raha sitrakao, Ramatoa Filoha; ianareo Solombavambahoaka namana, hatolotro ny Minisitra miandraikitra ny Harena ankibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika satria mikasika ny fehezan-dalàna mifehy ny harena ankibon'ny tany izany.

Andriamatoa RAVOKATRA Fidiniavo, Minisitry ny Harena ankibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika

Misaotra nanome fitenenana, Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena.

Ianareo mpikambana Birao Maharitra;
 Ianareo Solombavambahoaka hajaina;
 Ianareo Minisitry rehetra;
 Ianareo teknisiana rehetra ao amin'ny Minisitry isan-tsokajiny.
 Tompokolahy sy Tompokovavy;

Ombako manana ny fiarahabana nataon'ny namana rehetra teo aloha.

Mikasika an'ity hitsivolana laharana faha-2019-009 ity, izay manova sy mameno ary mifehy ny harena an-kibon'ny tany laharana faha-99-022 tamin'ny 19 aogositra 1999. Araka ny nambara teo hoe tsy tokony hafangarontsika amin'ny fanavaozana ny asa izay efa mandeha; indrindra mikasika an'izay harena ankibon'ny tany ankehitriny izay satria ny lalàna mifehy ny harena ankibon'ny tany manan-kery ankehitriny dia eo amin'io laharana faha-99-022 io no nasiam-panovàna tamin'ny taona 2005, miaraka amin'ity hitsivolana laharana faha-2019-009 ity.

Raha ny lalàna mifehy ny harena ankibon'ny tany, tsy hoe any amin'ny zavatra tsy fanarahan-dalàna ara-panjakana satria raha ny misy ao anatiny, efa nambara teo fa tsy jerena fotsiny ihany, ohatran'ny tany nahalavoana ny tsy fanarahan-dalàna ataon'ny mpitrandraka tsy ara-dalàna; toy ny fandravana ny tontolo iainana, ny lavaka atao noho ny fitrandrahana, ny fanapahana hazo, ao koa ny tsy fanajana ny fomban-tany.

Miaraka amin'ny Zandary sy ny Polisy tsotra ny "Police des Mines" manao fitsirihana ny tsy fanarahan-dalàna ary manakatona ny asa fitrandrahana; avy eo mandefa ny raharaha any amin'ny fitsarana. Amin'ity hitsivolana ity, manao fanenjehana araka ny fahadisoana "administrative" ity ary manasazy araka ny lalàna.

Raha ny ao ambadik'izy ity, tsy afa-maina ireo tsy manara-dalàna noho izay fanenjehana ara-bola atao amin'izy ireo izay. Heverina fa manomboka eto, hampiharina ity hitsivolana ity, ka tsy afa-miala ireo tsy manara-dalàna, fa misy ny fanenjehana azy ara-bola ao anatin'ny zavatra tsy mety nataony.

Miantсорomianotra kely ny tenako eto, farafahakeliny momba ny hoe: avo folo heny ao anatin'ny raki-tsoratra. Tsy midika hoe avo 10 heny amin'ny vidin'ny harena ankibon'ny tany na "produit diminuer". Raha ny voasoratra ato, manao hoe: farafahakeliny ary antenaintsika rehefa mampihatra azy isika, iray sy roa amin'ireo tsy mpanara-dalàna ireo angamba mba hanana fahendrena ary hanova zavatra maro ao anatin'ny tsy fanarahan-dalàna. Hatreto aloha, ny fanagiazana sy fanakatonana ireny fitrandrahana tsy ara-dalàna ireny no ataontsika, fa amin'ity indray mitoraka ity kosa isika mampihatra ny sazy ara-bola.

Manaraka, afaka miaro tena izy ary manana 48 ora na 72 ora, nohajaina daholo izay pitsopitsony izay, ka amin'ny ankapobeny heverina fa misy fahamehana no nandraisana an'ity hitsivolana ity satria maika isika amin'ny fanadiovana ny sehatry ny harena ankibon'ny tany.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta isika. Misaotra ihany koa antsika Solombavambahoaka.

Misy an'ireo hitsivolana ireo eny am-pelan-tànantsika eny izay nanomezan'ny mpikambana avy ao amin'ny Governemanta fanazavana teo.

Nisy fanontaniana napetrakareo teo milaza fa tsy mazava na tsy azo ny dikany, satria hitsivolana efa nosedraina tany amin'ny HCC ary efa mihatra sy "promulguée". Efa eny am-pelan-tànanareo ny dikan'izy ity, ka azontsika atao ny manontany ny mpikambana ao amin'ny Governemanta raha toa misy tsy mazava tanteraka.

Rehefa tsy misy manan-kolazaina intsony amin'ny fangatahana fanazavana ao anatin'ireo hitsivolana ireo, handray fanapahan-kevitra mikasika ity volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020 ity isika, izay misy hitsivolana 3 ao anatin'ny ao. Naravona amin'ny lalàna fankatoavana na "loi de ratification" no fomba fandania azy satria ahitana hitsivolana 3 izany, ka na ankatoavina na tsipahana na ahemotra ny fandinihana azy.

Marihana fa ahitana andininy miisa telo ity volavolan-dalàna ity. «Projet de loi n°001/2020 du 26 février 2020 portant ratification de l'Ordonnance n°2019-002 du 15 mai 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n°2018-008 du 11 mai 2018 relative au régime général des élections et des référendums, de l'Ordonnance n°2019-006 du 28 Mai 2019 portant loi organique modifiant certaines

dispositions de la loi organique n°2015-007 du 3 mars 2015 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, et de l'Ordonnance n°2019-009 du 15 juillet 2019 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi modifiée n°99-022 du 19 août 1999 portant Code minier, annexé au présent décret et comportant trois articles sera présenté au Parlement».

Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges

Raha ny tena izy, misy Vondrona Parlemantera, ka sao hametraka fanontaniana, raha tsy misy mametraka dia hangataka fitenenana aho, Tompoko, raha toa tsy hiteny izy ireo.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao tamin'izay fanamarihana izay.

Efa saika hanome fitenenana ny Vondrona Parlemantera aho teo, fa aleo alohan'ny fandanianana no homena fitenenana ianareo. Noho izany, azonao atao ny manao fandravonana azy telo ireo raha ohatra ka handray fitenenana ianao rehefa avy eo.

Miditra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isika, ka rehefa vita daholo ny mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020, laharana faha-002/2020 ary ny laharana faha-003/2020; mandray fitenenana amin'izay ny Vondrona Parlemantera.

- 6 -

- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 -

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao Andriamatoa Mpampakateny. Mahazo mandray ny toeranao ianao. Omentsika tehaka mirefodrefotra izy.

- Tehaka -

Misaotra Tompoko.

Novakiana ny andininy teo, atsangano ny tanaan'izay mandany an'io andininy voalohany io.

- Solombavambahoaka miisa 82 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Solombavambahoaka miisa 9 no nanangan-tànana -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny adininy voalohany amin'ity volavolan-dàlana ity.

Andininy faharoa: “Sont et demeurent abrogées toutes les dispositions antérieures contraires à la présente loi”.

Atsagano ny tànan’izay mandany an’io andininy faharoa io.

- Solombavambahoaka miisa 76 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Solombavambahoaka miisa 8 no nanangan-tànana -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faharoa amin’ity volavolan-dàlana ity.

Andininy fahatelo: “La présente loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme loi de l’Etat».

Atsangano ny tànan’izay mandany an’io andininy io.

- Solombavambahoaka miisa 77 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Solombavambahoaka miisa 9 no nanangan-tànana -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy fahatelo amin’ity volavolan-dàlana laharana voalohany ity.

Vita izay ny fijerena isanan’andininy; izao isika dia hiroso amin’ny fandraisana ny fanapahan-kevitra ankapobeny mikasika ity volavolan-dàlana ity.

Ny andininy faha-90 ao amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharintsika amin’ny fandaniana ity volavolan-dàlana ity. Efa fantatsika io andininy faha-90 io.

Atsangano ny tànan’izay mandany ity volavolan-dàlana ity.

- Solombavambahoaka miisa 78 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Solombavambahoaka miisa 9 no nanangan-tàna -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny volavolan-dàlana laharana faha-001/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020.

Misaotra Tompoko.

Misy solotenan'ny Governemanta manana fitenenana, Tompoko.

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tinarivelo, Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana
Misaotra, indrindra Ramatoa Filoha.

Ramatoa Filoha, ianareo ao amin'ny Birao Maharitra, ianareo Solombavambahoakan'i Madagasikara.

Fankasitrahana feno no atolotray ho anareo, Tompoko, satria ianareo tokoa no Solombavambahoakan'i Madagasikara; izany hoe: solotenan'ny vahoaka Malagasy iray manontolo ary nametrahany andraikitra lehibe toy izao; satria andraikitra goavana dia goavana mihitsy ny fandraisana fanapahan-kevitra toy izao.

Araka efa nampahatsiahivina Ramatoa Filohan'Antenimierampirenena, efa hitsivolana lany ary nankatoavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ary nahafahana nampihodina sy nampandroso ny fiainam-pirenena Malagasy iray manontolo izy ity. Tsapa tamin'izany halehiben'ny adidy sy ny andraikitrareo, tsapa ny fitiavanareo ny tanindrazana sy ny fitiavanareo hampiroso hatrany ny hahatsara ny fiainam-bahoaka Malagasy.

Koa fankasitrahana feno no atolotra.

Mankatelina Tompokolahy,

Mankatelina Tompokovavy, tamin'izao fandraisanareo andraikitra lehibe izao.

Misaotra, indrindra Tompoko.

- Tehaka -

Ramatoa FILOHA

Misaotra anareo nandray ny fitenenana, Tompoko.

Tompokolahy sy Tompokovavy, hiditra amin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dàlana laharana faha-002/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020. "Projet de loi n°002/2020 du 26 février 2020 portant ratification des ordonnances:

- n°2019-001 du 10 mai 2019 relative du Patrimoine Routier.
- n°2019-007 du 06 juin 2019 relative à l'Ordre National Malagasy.
- n°2019-015 du 15 juillet 2019 relative au Recouvrement des Avoirs illicites» isika izao.

langaviana ny Mpampakatenin'ny Vaomiera hamaky ny tatitra momba izany. Omena anao ny fitenenana Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime, Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany. Andriamatoa Solombavambahoaka, omena anao ny fitenenana.

- 7 -

- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 -

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ombako manana ny fiarahabana ny Minisitra sy ny teknisiana rehetra izay tonga. Torak'izany ihany koa isika Solombavambahoakan'i Madagasikara.

Toy izao no fivakin'ny tatitra tany amin'ny Asam-baomiera:

Nivory ny Alakamisy faha-5 Febroary 2020 tamin'ny 9 ora sy 35 minitra, maraina, ny Vaomiera mitambatra niarahan'ny Vaomieran'ny Lalàna, Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy Fitantanana ny Fananan-tany ary ny Vaomieran'ny Asa Vaventy nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 «portant ratification des ordonnances n°2019-001 du 10 mai 2019 relative au patrimoine routier, n°2019-007 du 06 juin 2019 relative à l'ordre national, n°2019-015 du 15 juillet 2019 relative au recouvrement des avoirs illicites».

Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, Filohan'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany sy Andriamatoa IDEALISON, Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana,

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

- 01 IDEALSON
- 02 RAHOLDINA Naivo Herinantsoina
- 03 RASALAMA Léon
- 04 ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jocelyn
- 05 RAFIDIMANANA Narson
- 06 RATSIMANDRIONA Aida Hardy
- 07 SATRA Augustin
- 08 VELONTSARA Paul Bert
- 09 RASOLOMANANA Beby Olivier
- 10 VONINAHITSY Jean Eugène
- 11 RAKOTOMALALA Miarintsoa
- 12 RABEHAJA Jean
- 13 RANDRIANARISON Temis Togle
- 14 ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- 15 ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 16 ANDRIANAMBININA Johary Lee
- 17 ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot

- 18 TOVONDRAY Brilland De L'Or
- 19 RAKOTOARIMANANA Maxime

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana tonga nanatrika ny fivoriana

Andriamatoa isany:

- 01 RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
- 02 RAMILISON Ange Richard
- 03 RAVELOSON Guillaume

Ireo teknisiana nisolo tena ny Governemanta:

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

- | | | |
|----|-------------------------------|----------------|
| 01 | ANDRIANAINARIVELO Hajo | Min MATP |
| 02 | RAKOTOMALALA Nadia | DERL/ MINJUS |
| 03 | RAKOTONDRAJERY R. Salohy | DGAJER/ MINJUS |
| 04 | RAMANANTSOA Antsivalahiniriko | DAJ/MATP |
| 05 | RAJERISON Henri | AT/MATP |
| 06 | SAMBISOLO Emile Joseph | DINFRA/MATP |
| 07 | RANDRIANANDRASANA Hajaniaina | DGTP/MATP |
| 08 | LAMINA Boto Tsara Dia | DG/SAMIFIN |
| 09 | RAZAFINDRAKOTO Zolalaina | Cab/SAMIFIN |
| 10 | RABEMANANJARA Emilson | CT/SAMIFIN |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana avy ao amin'ny Governemanta ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mahakasika ny volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana fa araka ny fanapahana avy amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia tsy maintsy ampandalovina ato amin'ny Antenimierampirenena ireo hitsivolana noraisin'ny Filohampirenena mba hakana fankatoavana.

Nozarain'ny mpivory isaky ny hitsivolana ao anatin'ny Volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 ny fanazavana.

I-Hitsivolana laharana faha-2019-001 mahakasika ny «patrimoine routier»

Teo ampiandohana dia naneho fialan-tsiny Andriamatoa Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy ary Toeram-ponenana amin'ny tsy fahatongavan'ny Minisitry ny Fitsarana noho ny andraikitra maro samihafa izay sahaniny.

Taorin'izany dia nambaran'Andriamatoa Minisitry, fa ny hitsivolana mahakasika ny «patrimoine routier» dia manolo ny lalàna laharana faha-98-026 tamin'ny 20 Janoary 1999 mahakasika ny «Charte Routière». Efa ela no nipetrahan'ny lalàna mahakasika ny lalàna io, taorin'izay efa betsaka ny zavatra niova teto amin'ny firenena nandritra izay fotoana izay, toy ny fametrahana ny Faritra, ny fandaniana ny Lalàmpanorenanan'ny Repoblika Fahaefatra tamin'ny 2010, ka izany no nanosika ny Minisitry hanova tamin'ny alàlan'ny hitsivolana ny fomba fitantanana ny lalàna eto Madagasikara.

Ny isan'ny zavatra lehibe amin'izay dia ny fanasokajiana ny «réseau routier» eto Madagasikara mba hifandraika amin'ireo lalàna mifandraika amin'ny Fitsinjaram-pahefana ary ny fametrahana ny «Fonds Routier» raha teo aloha dia «Fonds d'Entretien Routier» no niantsoana azy.

Mizara Toko 8, ahitana Andininy 36 ny hitsivolana.

- **Toko Voalohany:** Mamaritra ny fepetra ankapobeny.
- **Toko Faharoa:** Fanasokajiana ny «réseau routier» izay mamaritra ny atao hoe lalam-pirenena, lalam-paritra ary lalana Kaominaly. Nambaran'Andriamatoa Minisitra, fa voasokajy ho lalam-pirenena ny lalana rehetra mampitohy ny renivohi-paritany, ny renivohi-paritany sy ny renivohitry ny Faritra, ny eo amin'ny renivohitry ny faritra, ny eo amin'ny renivohi-paritany sy ny renivohitry ny Distrika ary ireo lalana manana endrika stratejika. Faritana ho lalam-paritra ny lalana rehetra mampitohy ny renivohi-paritra sy ny renivohitry ny Distrika, renivohitry ny Faritra na Distrika sy ny renivohitry ny Kaominina manodidina, ny lalana izay manana endrika ara-toekarena ka hampandroso ny Faritra. Nosakajiana ho lalana Kaominaly ny lalana mampitohy ny renivohitry ny Kaominina amin'ireo toerana rehetra manodidina azy. Mahakasik'izany dia efa eo ampamolavolana ny fanasokajiana io «réseau routier» io ny Minisitera izay efa nandalo «première lecture» tao amin'ny Governemanta araka ny voalazan'ity hitsivolana ity ary raha manana sosokevitra ny avy aty amin'ny Solombavambahoaka amin'ny momba io fanasokajiana ny lalana io dia raisina izany.
- **Toko Fahatelo:** Nambaran'Andriamatoa Minisitra, fa ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy ary ny Toeram-ponenana no «maître d'ouvrage» amin'ny lalam-pirenena. Ny Faritra no «maître d'ouvrage» amin'ny lalam-paritra ary ny Kaominina no «maître d'ouvrage» amin'ny lalana Kaominaly.
- **Toko Fahaefatra** dia mahakasika ny fitantanana, fananganana sy fanamboarana ireo lalana ireo. Izany dia eo ambany fiahian'ireo «maître d'ouvrage ireo». Afaka manao fitadiavam-bola izy amin'ny fanantanterahana ny asa na mampiasa ny «Partenariat Public Privé». Afaka ihany koa izy ireo, manao fitadiavam-bola fa tokony hifanaraka amin'ny lalàna velona misy eto amin'ny tany sy ny fanjakana izany. Ny fampiasana ny lalana sy ny manodidina azy dia tsy maintsy anaovana «appel à la concurrence» daholo; na ny fitantanana ny tetezana na «bac» dia azo atao «mise en concession» raha izay no tapaky ny «maître d'ouvrage».
- **Toko Fahadimy:** nambaran'Andriamatoa Minisitra, fa ao anatin'ity no mamaritra ny famatsiam-bola amin'ny lalana. Nambarany tamin'izany, fa afaka mamatsy vola ny fanjakana na mindram-bola na mahazo fanampiana amin'ny fanatanterahana ny lalana. Afaka manao fiaraha-miasa amin'ny tsy miankina ny fanjakana amin'ny fanatanterahana izany asa izany. Eo amin'ny lalam-pirenena manokana dia ny «budget»-n'ny fanjakana no andraisana ny fanatanterahana ny fanamboarana ny lalana. Azony atao ihany koa ny mampiasa na mangataka vola ao anatin'ny «Fonds routier». Toy izay koa ny mahakasika ny lalana Kaominaly sy lalam-paritra. Ireo «entités» telo ireo dia ny fanjakana, ny Faritra ary ny Kaominina no afaka mangataka famatsiam-bola eo anivon'ny «Fonds routier» miainga avy amin'ny «programme

d'emploi» izay nolanian'ny «organe délibérant»-n'ireo vondrom-bahoaka anankiroa ireo. Izany hoe, ny Faritra sy ny Kaominina. Zava-dehibe voalazan'ny hitsivolana ihany koa ny fanamboarana ny lalana ao anatin'ny tanàn-dehibe (grande ville) izay tsy maintsy asiana «trottoir» sy «assainissement» atao mifanaraka amin'ny «plan d'urbanisme directeur»-n'ny tanàna (grande ville).

- **Toko Fahaenina:** dia ny “Fonds Routier”. Najoro izy io mba hitantana ny vola rehetra amin'ny fanamboaran-dalana avy amin'ny fanjakana sy ny mpiara-miombon'antoka.
- **Toko Fahafito:** «Dispositions spécifiques aux autoroutes» dia mamaritra ny fampidirana ny «autoroutes» izay efa azo atao eto Madagasikara.
- **Toko Fahavalo:** «Dispositions diverses et finales» dia nohazavain'Andriamatoa Minisitra, fa ny fanamboaran-dalana rehetra dia tsy maintsy ialohavanan'ny fanadihadiana ny fiantraika ara-tontolo iainana na «étude d'impact environnemental» mba hikajiana ny lafiny ara-tontolo iainana.

Rahefa izany dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana mahakasika ny hitsivolana laharana faha-2019-001 momba ny “patrimoine routier” ny mpivory.

- 1- Ny “Fonds d'Entretien Routier” dia mikojakoja ny lalana, ny “Fonds Routier” anefa dia manamboatra sy mikojakoja ny lalana. Manana ny ho enti-manana amin'izany ve isika?
- 2- Afaka omenareo anay ve ny sata mifehy ny “Fonds Routier”?
- 3- Ahoana ny mahakasika ireo mpandraharaha nahavita ny asa izay efa voaefan'ny fanjakana ny volany nefa tsy misy “garantie”, ny lalana namboarina anie efa potika sahady?

Toy izao ireo valim-panontaniana nomen'ireo tekinisiana mahakasika ny hitsivolana laharana faha-2019-001:

- 1- Mizara roa mazava tsara ny hoenti-manana amin'ny fikarakarana ny lalana dia ny “Fonds Routier” izay natao hikojakoja ny lalana sy ny “Fonds d'investissement” izay natao hanamboarana ny lalana.
- 2- Halefanay aty amin'ny Antenimierampirenena ny mahakasika izany sata mifehy izany ny “Fonds Routier” izany.
- 3- Tena misy tokoa izany ka mangataka fiaraha-miasa amintsika Solombavambahoaka sy ny rehetra mba hanampy ny Minisitara amin'ny fanaraha-maso.

Toy izao ny fanamarihana avy amin'ny Solombavambahoaka:

- 1- Misaotra amin'ny fanendrena ny Sekretera Mpanatanteraky ny “Fonds Routier”. Velom-bolo izahay raha hanao tatitra amin'ny mpandraharaha.

II- Hitsivolana laharana faha-2019-007 tamin'ny 6 Jona 2019 mahakasika ny Mari-boninahitra

Ny tanjona amin'ity dia fifehezana sy fandaminana ny mari-boninahitra Malagasy mikasika ny fandehan-draharaha ny «Conseil de l'ordre national malagasy» sy ny “Ordre national Malagasy”:

Nitondra fanazavana ny tekinisiana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, fa natambatra ho lalàna iray ihany ireo lalàna anankiroa ireo. Fampidirina ireo fandaharana vaovao ao anatin'ny «Ordre national malagasy» toy ny faharetan'ny fotoana fiasana sy ny taona. Taloha raha 45 taona ny faharetan'ny fotoana fiasana dia lasa 40 taona izany amin'izao fotoana izao. Mahakasika ny «Chevalier de l'Ordre National» dia noferana ho 15 taona ny fisitrahana izany raha toa ka 20 taona izany teo aloha. Nisy fanatsarana ihany koa ny fepetra mahakasika ny lalàna laharana faha-2017-001. Ao amin'ny andininy faha-8 ohatra dia nesorina ny fahafahan'ny "Grand Chancelier" manao sonia ny fanendrena ny mpikambana ao amin'ny "Ordre National", ka ny Filoham-irenenana irery ihany no afaka manao izany.

III- Hitsivolana laharana faha-2019-015 tamin'ny 15 Jolay 2019 mahakasika ny famerenana ny harena azo avy amin'ny tsy rariny

Ny famerenana ny harena azo avy amin'ny tsy rariny dia efa voalaza tao amin'ny lalàna laharana faha-2016-021 tamin'ny 22 Aogositra 2016 mahakasika ny "Pôle Anti-Corruption" sy tao amin'ny paikady ho amin'ny ady amin'ny kolikoly. Ny fandaniahana ny hitsivolana amin'ny famerenana ny harena azo avy amin'ny tsy rariny dia voafaritra tanteraka ao amin'ny fanatsarana ny fitantanana sy ny fanamafisana ny "mécanismes juridiques" ho amin'ny ady amin'ny fanodikondinana fananana sy ny volam-panjakana, ny fandikan-dalàna amin'ny alalan'ny kolikoly, ny famotsiam-bola sy ny famatsiana ny mpampihorohoro.

Io fandikan-dalàna io dia fitaovana ampiasain'ny olona na vondron'olona na fikambanana sasantsasany mba hakana amin'ny tsy ara-drariny ny fananam-panjakana. Koa ny hiady amin'izany no imasoan'ny fitondram-panjakana ankehitriny.

Raha teo aloha ny lalàna dia nionona tamin'ny fanasaziana ny olona manao ny fandikan-dalàna dia amin'ity hitsivolana ity dia nifantoka tamin'ny fanagiazana ny fananany.

Tsapa fa io fangoronan-karena azo avy amin'ny tsy rariny io dia loza ho amin'ny fiarahamonina satria mampitombo ny "injustice sociale", misakana ny fampandrosoana aratoekarena ho an'ny firenena, mamotika ny "ressources publiques" ary mampahantra ny fanjakana izay miantraika any amin'ny fampandehanan-draharaham-panjakana sy ny mahasoa ny vahoaka Malagasy tsy vakivolo.

Ny tanjona ao anatin'ity hitsivolana ity dia ny hiady amin'ny fampiasana ireo harena azo avy amin'ny tsy ara-drariny sy hanamafisana ny ady amin'ny kolikoly ary ny hisorohana amin'ny famatsiam-bolan'ireo asa fampihorohoroana. Hatramin'izay dia sazy no azon'ireo tratra amin'ity asa ratsy ity, saingy zava-dehibe ny hirosoana amin'ny fanagiazana sy famerenana ireo fananana azo avy amin'ny tsy rariny ho famaizana ireo mpanao heloka. Ny harena azo avy amin'ny tsy rariny dia averina amin'ny fanjakana ho tombotsoa iombonana, fa tsy ho an'olom-bitsy. Araka izany, ny fanagiazana sy/na famerenana ireo harena azo avy amin'ny tsy rariny dia ahafahana mifehy ireo asa fanaovan-dratsy maro.

Ny fankatoavana ity hitsivolana ity dia ahafahan'i Madagasikara manamafy ireo Fametrahan-teny Iraisam-pirenena (engagements internationaux) amin'ny lafiny ady amin'ny kolikoly, ny «criminalité transfrontalière», ny famotsiam-bola ary indrindra ny famatsiam-bola ireo asa fampihorohorohana.

Ity hitsivolana momba ny fanagiazana ireo fananana azo avy amin'ny tsy rariny ity dia mirafitra ho 35 andininy izay mizara amin'ny lohateny efa:

- Lohateny 1: miresaka ny ankapoben'ny hitsivolana sy famaritana,
- Lohateny 2: miresaka ny fepetra famerenana ireo fananana tsy ara-drariny toy ny «Gel», «Saisie» ary ny «confiscation»,
- Lohateny 3: miresaka ny asan'ny «Agence de recouvrement des avoirs illicites»,
- Lohateny 4: miresaka ny «dispositions transitoires».

Torian'izany dia niroso tamin'ny fametraham-panontaniana ny mpivory.

1- Maro ireo mpandraharaha no nanao fanamarihana fa miteraka fangejana azy ireo ity lalàna ity satria matetika dia tsy mbola misy didy manameloka akory dia efa giazan'ny fanjakana ny fananana. Tena tsy voahaja ny «présomption d'innocence». Ahoana ny momba izay?

2- Miverina ve ireo fananana nogiazana rehefa voaporofa fa tsy meloka ilay olona?

Toy izao ireo valim-panontaniana nomen'ireo tekinisiana avy amin'ny Governemanta:

1- Ity hitsivolana ity dia mamelabelatra ireo fepetra ahafahana mihazona na mangeja sy mivarotra ireo fananana azo avy amin'ny tsy rariny izay ny didim-pitsarana ihany no ahafahana manao izany. Arak'izany dia ny didim-pitsarana ihany no ahafahana miroso amin'ny fangejana na famarotana ireo fananana azo avy amin'ny tsy rariny. Marihina anefa fa tsy mamoka didy ny fitsarana raha tsy mahazo porofa sy fankatoavana avy amin'ny Fampanoavana.

2- Amin'ny ankapobeny dia miverina amin'ny tompony ny entana nogiazana raha toa ka tsy meloka izy araky ny didim-pitsarana mivoaka.

Marihina anefa fa na tsy mbola nivoaka aza ny didim-pitsarana dia tsy miverina ny fananana raha toa ka entana mihen-danja izany. Izany hoe, ho an'ireo entana lafo vidy kanefa mora mihen-danja, toy ny fiara dia azo atao avy hatrany ny mangeja sy mivarotra izany raha vao fantatra fa mifandringotra amin'ny fandikan-dalàna ny nahazoana azy. Raha toa ka meloka ny tompony araky ny didim-pitsarana mivoaka dia mijanona ho an'ny fanjakana ny vola vidin'ny entana, raha toa kosa ka tsy voaheloka izy dia ny vola vidin'ny entana no averina aminy.

Rahefa izany dia niroso tamin'ny fandaniahana ny isan'andininy amin'ny volavolan-dalana ny mpivory:

- Andininy Voalohany : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy Faharoa : Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany dia nandray fanapahan-kevitra ny Vaomiera mitambatra ka nankatoavin'izy ireo ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 «portant ratification des ordonnances, n°2019-001 du 10 mai 2019 relative au patrimoine routier, n°2019-007 du 06 juin 2019 relative à l'ordre national malagasy, n°2019-015 du 15 juillet 2019 relative au recouvrement des avoirs illicites», ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

- 8 -

- Fanamariaha sy fanitsiana momba ny tatitra -

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Mpampakateny, namaky an'izay tatitra izay.

Hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra izay novakiana teo isika. Manangan-tànana raha hanao ny fanamarihana isika Solombavambahoaka, avy eo ny mambran'ny Governemanta indray.

Solombavambahoaka ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot voafidy tao Ifanadiana.

Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anareo avy ao amin'ny Governemanta sy ianareo mpiara-dia aminy.

Eo amin'ny pejy voalohany, laharana faha-17, ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot ny anarako, Tompoko.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Misaotra Andriamatoa Solombavambahoaka.

Ny Solombavambahoaka RAVONTY Tam Teon Luc Urbain, voafidy tao Saint-Marie.

Andriamatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Isaorana eto ny mambran'ny Governemanta sy ireo teknisiana miaraka aminy.

Misy fanitsiaka kely amin'ny anarako ato, RAVONTY fa tsy RAVONJY, Tam Teon Luc ao amin'ny pejy voalohany, Solombavambahoaka tsy mpikambana tonga nanatrika ny fivoriana.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Misy fanamarihana na fanitsiana ny Solombavambahoaka RAHOLDINA Naivo Herinantsoina voafidy tao Antananarivo faha-V.

Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Antitranterina ny fiarahabana ny Minisitra sy ny mambran'ny Governemanta ary ny teknisiana.

Fanamarihana fotsiny ny ahy amin'ny anaran'ny Vaomiera dia ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany, fa tsy ny Fizakan-tany. Izany no anaran'ny Vaomiera, tokony hiova ohatran'io daholo izay mikasika an'io. Fitantanana ny Fananan-tany no izy fa tsy Fizakan-tany.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Misaotra, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Mbola misy manangan-tàna amintsika Solombavambahoaka.

Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Misaotra ny Governemanta sy ny mpiara-dia aminy.

Mifangaro ny lalàna sy làlana ka tokony asiana tsindrim-peo rehefa lalàna.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Ny Solombavambahoaka FELICIEN Randrianantenaina, voafidy tao Farafangana.

Andriamatoa FELICIEN Randrianantenaina

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ao amin'ny pejy faha-5 “présomption d’innocence” no izy, fa mety diso fanoratra io.

Ramatoa FILOHA

Aiza ho aiza.

Andriamatoa FELICIEN Randrianantenaina

Pejy faha-5: «présomption d’innocence», eo ambanimbany eo. “Faute de frappe” angamba izy io.

Ramatoa FILOHA

Mbola misy fanitsiana avy amintsika Solombavambahoaka ve.
Solombavambahoaka voafidy tao Antsirabe II

Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ao amin'ny pejy faha-4, amin'ny fiteny Malagasy, ny hitsivolana ao amin'ny "theme 3"; tokony mba hatao amin'ny teny malagasy koa ny "du", atao hoe: tamin'ny 15 Jolay 2019.

Ramatoa FILOHA

Inona no ahitsy amin'ity Andriamatoa Solombavambahoaka.

Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred

Ny amin'ny hoe hitsivolana laharana faha-2019-015, lasa hoe "du" fa tokony atao hoe tamin'ny.

Ramatoa FILOHA

Mazava, misaotra Tompoko.

Mbola misy fanamarihana na fanitsiana avy amintsika Solombavambahoaka.

Misy fanamarihana kely avy amiko, ny hoe "fond d'entretien routier", misy "s" foana ny "fonds" satria vola io; na "singulier" aza, misy "s" foana. Izay "fond" rehetra dia asiana "s" daholo.

Avy ao amin'ny mpikambana amin'ny Governemanta.

Andriamatoa ANDRIAMAHEFARIVO Johnny Richard, Mpitahiry ny Fitombokasempanjakana, Minisitry ny Fitsarana

Miarahaba, Ramatoa Filoha.

Voalohany indrindra, fanamarihana amin'ny fanoratana "DGAJER" pejy voalohany, lasa ohatran'ny hoe: "DG Adjoint" no andraisan'ny sasany an'io raha ohatra tsy mahay; mitambatra ny fanoratana hoe "DGAJER: Direction Générale de l'Administration Judiciaire Et des Réformes".

Misy anankiray farany raha azo atao, tsy fantatro na manana fanamarihana ny tenanay na tsia, amin'ny pejy farany indrindra, raha tsy diso aho: noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa dia naato, nahato sa naato. Tapitra ny fanamarihana avy aminay.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Naato, miato.

Misaotra Andriamatoa Minisitry.

Andriamatoa Minisitry ny Asa Vaventy.

Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ramatoa Filoha, ianareo mpikambana amin'ny Birao Maharitra, ny Solombavambahoaka rehetra, ny namana Minisitry.

Fanamarihana vitsivitsy fotsiny, Ramatoa Filoha. Ao amin'ny solotenan'ny Minisitry RAMANANTSOA Antsivalahiniriko, DAG fa tsy PAJ.

Ny mikasika ny pejy faha-3, amin'ny toko faha-5, misy diso tsipelina: toy izay koa mahakasika ny lalana Kaominaly sy ny lalam-paritra fa tsy lalam-paritany. Ao amin'ny pejy faha-4, ho valin'ny fanontaniana misy "fonds" roa samihafa amin'ny "fonds routier", toy izao no vakiny izy: ny "fonds d'investissement" dia natao anamboarana ny lalana, fa misy koa ny "fonds d'entretien routier" izay ikojakojana ny lalana. Misy "fonds" anankiroa: «fonds d'investissement» sy "fonds d'entretien routier", Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

«Fonds d'investissement» sy «fonds d'entretien routier».

Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy

Izay no tsy voatonona ao anatin'ny. Fanamarihana ny anankiray. Esorina ny vola nomen'ny Banky Iraisam-pirenena satria tsy ny Banky Iraisam-pirenena irery no mamatsy vola ny lalana.

Raha fintiniko, misy "fonds" roa samihafa ao amin'ny "fonds routier": «fonds d'investissement» amin'ny fanamboarana ny lalana, "fonds d'entretien routier" amin'ny fikojakojana ny lalana.

Fanamarihana ankapobeny, eto ny manam-pahaizana rehetra raha tsy diso aho, Ramatoa Filoha, hitsivolana no anarany fa tsy didy hitsivolana satria "ordonnance" noraisin'ny Filohampirenena izy ity, fa tsy didim-pitsarana akory.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Misaotra, Andriamatoa Minisitry ny Asa Vaventy sy ny Fanajariana ny Tany.

Mbola misy fanamarihana avy amin'ny Solombavambahoaka RAHASIMANANA Paul Bert.

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert

Fanamarihana, tsara feo be ny Minisitry ny Fitsarana fa tena "radiophonique" be feony, mahafinaritra be. Tongava matetika.

Ny tena marina, misy hoe Solombavambavambahoka aorian'ny "fonds routier" teo, midina 1,2,3: tena misy tokoa izany, koa mangataka fiaraha-miasa amintsika Solombavambahoka; vahoaka no izy Tompoko. Araka ny filazan'ny avy any Maroantsetra: vahoaka.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Misaotra, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Ny Solombavambahoaka, mbola misy fanamarihana. Omena anao ny fitenenana, Andriamatoa Brillant De L'Or, avy any Midongy Atsimo.

Andriamatoa TOVONDRAÏ Retsanga Brillant De L'Or

Misaotra indrindra, Tompoko nanome fitenenana.

Ao amin'ny pejy voalohany; misy lisitry ny anarana eo manao hoe: ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny vaomiera tonga nanatrika, ny anarako eo amin'ny «numéro 18» Brilland «ant» no izy ary ny Delor, «De L'Or» fa tsy io no fanoratra azy.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Tsy misy hanao fanamarihana intsony na fanitsiana.

Izao kosa omentsika ny mpikambana ao amin'ny Governemanta na ny solotenany ny fitenenana mba hanazavany antsika ireo hitsivolana ireo.

- 9 -

- Fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna -

Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ramatoa Filoha, ianareo Birao Maharitra, ianareo Solombavambahoakan'i Madagasikara manatrika eto.

Ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 "portant la ratification des ordonnances n°2019-001, n°2019-007 et ordonnance n°2019-015 no entinay eto aminareo, Ramatoa Filoha.

Raha ny mikasika manokana ny Minisitran'ny Asa Vaventy sy ny Fanajariana ny Tany dia ny hitsivolana laharana faha-2019-001 momba ny "patrimoine routier", izay no itondrampanazavana raha sitrakao, Ramatoa Filoha.

Araka ny voalazan'ny Mpampakateny teo, misy toko valo izy ary amin'izay toko valo izay, misy fanamarihana vitsivitsy tiana hoentina.

Ity hitsivolana ity dia entina anovàna ny lalàna laharana faha-98-026 araka ny voalaza teo; mikasika ny "charte routier" no fiantsoana azy tamin'ny fotoanandrony ary ny tena tanjona dia ny handrindrana azy amin'ny lalàna velona amin'izao fotoana izao momba ny fitsinjaram-pahefana, mikasika ihany koa ny fivoaran'ny fitantanana ny "réseau routier" eto amin'ny firenena.

Ny lalana eto Madagasikara arak'ity hitsivolana ity dia nosokajina ho telo: ny lalam-pirenena, ny lalam-paritra ary ny lalana Kaominaly.

Amin'ireo karazana lalana telo ireo; ny lalam-pirenena dia ny fanjakana no "maître d'ouvrage". Ny lalana any amin'ny Faritra kosa, ny Faritra mazava ho azy no "maître d'ouvrage", ny lalana Kaominaly dia ny Kaominina.

Azo atao ary anisany fanavaozana lehibe nekena tato anatin'ity hitsivolana ity ny ahafahan'ny "maître d'ouvrage" tsirairay avy manao fifanarahana amin'ny tsy miankina; indrindra ny "ataontsika hoe "partenariat public privé" amin'ny fikojakoana na amin'ny fanamboaran-dalana. Ao ihany koa ny fanaovana "concession" ireo lalana ireo na ny fotodrafitrasa manodidina ny lalana, toy ny tetezana na ny "bac".

Manarak'izay, anisany voafaritra ato araka ny voalaza teo ny fametrahana ny "fonds routier"; raha teo aloha ny "fonds routier" dia "fonds d'entretien routier" no nananantsika. Izany hoe tsy manana «fonds d'entretien routier» isika ary tsy nanao afa-tsy ny fikojakoana ny lalana ihany. Amin'izao fotoana izao, misy ny «fonds routier» izay ahafahana mikojakoja sy hanaovana «investissement» amin'ny fanaovana lalana ihany koa. Misy ny atao hoe «fonds d'entretien routier» sy «fonds d'investissement». Tsy miova ny fampidiram-bola ho an'ny «fonds d'entretien routier», fa ny vola rehetra azo amin'ny fanangonana «taxe» sy «redevance pour l'entretien routier» ihany no mameno azy.

Ny «fonds d'investissement» kosa miankina amin'ny famatsiam-bola avy any ivelany na famatsiam-bola avy amin'ny fanjakana na ireo famatsiam-bola hafa izay mety azo anamboarana lalana. Ny tanjona dia ny ahafantaran'ireo mpamatsy vola sy ahafantarantsika ny lany rehetra amin'ny fanamboaran-dalana eto Madagasikara.

Manarak'izany, misy ny fikajiana hita ao amin'ny toko faha-7 mikasika ny fametrahana «autoroute» ho anisan'ny lalana eto Madagasikara raha toa tsy nisy an'izany ny «charte routière»-ntsika teo aloha.

Ny fampiasana io «autoroute» io dia azo atao araka ny voalaza ao amin'ny toko faha-4. Izany hoe na ao anaty «concession» na tantanin'ny fanjakana mivantana na ao anaty ny fifanarahana «Partenariat Public Privé» ihany koa.

Ao amin'ny toko faha-8 indray, nohamafisina ato anatin'ity hitsivolana ity, fa ny fanamboaran-dalana rehetra eto Madagasikara manomboka izao dia hasiana «étude d'impact environnemental» mba hikajiana ny lafiny ara-tontolo iainana.

Izay Ramatoa Filoha, ianareo Birao Maharitra, ianareo Solombavambahoaka ny mikasika ity "patrimoine routier" ity.

Raha sitrakao, Ramatoa Filoha, omeko an'Andriamatoa Minisitry ny Fitsarana ny fanohizana ny fanazavana ireo hitsivolana roa manaraka.

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Minisitry ny Asa vaventy isika.

Andriamatoa Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana, omena anao ny fitenenana.

Andriamatoa ANDRIAMAHEFARIVO Johnny Richard, Mpitahiry ny Fitombokasempanjakana, Ministry ny Fitsarana

Ramatoa Filohan'ny Antenimierapirenena;
Ramatoa sy Andriamatoa isany Solombavambahoaka;
Ianareo namana mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Voalohany indrindra, mamerina ny fialan-tsiny tamin'ny tsy fahafahana noho ny asampanjakana izay tsy azo nialana tany amin'ny Minisitara.

Faharoa, sambany ny tenako no hiteny eto imasonareo, koa miala tsiny raha toa misy teny latsaka. Raha misy izany dia hotenenina araka ny voalazan'ny namana Solombavambahoaka iray teo hoe: ny teny latsaka tsy mba kabary. Hiezaka hanazava ny zavatra manahirana anareo mikasika ny fanagiazana ny tenako.

Ramatoa FILOHA

Manao azafady kely, Andriamatoa Minisitra, alefantsika hipetraka aloha ny Mpampakateny alohan'ny handraisanao fitenenana.

Afaka mamonjy ny toeranao ianao, Andriamatoa Mpampakateny, miaraka amin'ny tehaka mirefodrefotra.

Miala tsiny, Andriamatoa Minisitra; omena anao ny fitenenana.

Andriamatoa ANDRIAMAHEFARIVO Johnny Richard, Mpitahiry ny Fitombokasempanjakana, Ministry ny Fitsarana

Misaotra Tompoko.

Fanagiazana ireo fanana maloto na azo avy tamin'ny fahalotoana na ireo heloka mifandray amin'ny fanodinkodinana volam-bahoaka sy ireo heloka mikasika ny kolikoly ary indrindra ireo heloka mikasika ny famotsiam-bola na fampiasana ny vola hoentina hanaovana fampihorohoroana.

Matetika ireny sehatra ireny na ireo adiheloka ireo dia mampimenomenona antsika mianakavy noho ny havesatry ny vola ahodinkodina ao na ny vola maloto mihodina amin'ireny famotsiam-bola ireny.

Raha ny rafitra fitsarana ankapobeny teo aloha no jerena, mazava ho azy, fa mandeha ny famotorana saingy rehefa entina eny amin'ny fitsarana ny raharaha; matetika ny fitsarana milona. Tsy vitan'ny hoe milona ny fitsarana, fa mandritry ny fe-potoana voalohany, efa very avokoa ny vokatry azo tamin'ny fanaovana na fanatanterahana heloka isan-karazany, indrindra amin'ireo sampana heloka voalaza ireo.

Efa nisafidy hiady amin'ny kolikoly i Madagasikara ary izay no antom-pisian'ny «Pôle Anti-Corruption».

Ity hitsivolana ity dia manampy ny lalàna laharana faha-2016-021 tamin'ny 22 Aogositra 2016 momba ny fametrahana ny "Pôle Anti-Corruption". Mbola manampy amin'ny fanatanterahana ny fanenjehana an'ireny karazan-keloka izay heverina fa mambotry ny firenena ireny, mambotry vahoaka ary mitarika tsy fandrosoana ihany koa. Izay no voalazan'ity hitsivolana ity.

Ireo no nahatonga ity hitsivolana ity natolotra mba hametrahana ireo pitsopitsony ahafahana mangeja any amboalohany ny fananan'ireo olona izay heverina na ahiahiana fa nanatanteraka ireo heloka voalaza ireo.

Marihana tsara, mba hampazava ny saintsika rehetra, fa ahiahy tsy mipetraka amin'ny tondro-molotra no atao, fa ahiahy mipetraka amin'ny famotorana mazava tsara mikasika ny hoe: nanodinkodina volam-panjakana na nanao kolikoly na nanao famotsiam-bola na nanao fampiasam-bola entina amin'ny fampihorohoroana. Mandrapahatonga ny fotoam-pitsarana izany, satria matetika ny fananana na ny vola mihodina amin'izy ireny dia matevina ka izay no antony anaovana ny fanagejana.

Raha mijery ireo pitsopitson-dalàna nisy teo aloha isika, hieritreritra “saisie conservatoire”. Misy tokoa ny “saisie” saingy ny voambolana ampiasaina dia atao hoe fampikatsoana ny fampiasana vola raha vola no resahana na fanagejana na fitazonana ireo karazana harena izay mety mandehandeha kanefa afaka miantoka ny famerenana ny tombotsoan'ny fanjakana na tombotsoan'ny olona manokana niharan'ny fahavoazana any aoriana rehefa vita ny fitsarana.

Fantatra tokoa ankehitriny, fa misy karazana heloka ahiana nataon'ny olona iray saingy tsy afaka enjehina izy noho ny pitsopitsony amin'ny lalàna sasany. Mitarika ny sainareo ny tenako amin'ny fijoroan'ny “Haute Cour de Justice”. Ny harena azo tamin'ny fanodinkodinam-bola dia mety efa mihodina na very na nalefa any ivelan'ny firenena raha vola mandrapahatongan'ny fitsarana. Mba hialana amin'ny fisian'izay zavatra izay sy mba ahafahana miantoka ny famerenana ny tombotsoan'ny fanjakana, raha fanjakana no niaharam-pahavoazana no antom-pisian'ity hitsivolana ity. Izay no nahatonga ny fametrahana ny fahafahana mangeja ireo harena azo tamin'ny fomba tsy mazava na maloto.

Izay no fanazavana tsy maintsy omena amin'ity raharaha ity ary anamafisana orina ny “Agence de recouvrement des avoirs illicites”. Io “agence” io no nomena fahefana hangeja sy hihazona ary hikarakara ny tontolo manodidina ireo harena voageja ireo; na vola izany na fananana hafa mandrapahatongan'ny fitsarana mahefa ahafahana mamoka didy raikitra momba ny raharaha.

Ny fanontaniana mipetraka dia hoe: very ve ireny vola ireny? Sanatria, tsy very. Ny entany, sanatria, tsy very. Raha sanatria misy fanodinkodinana izany, “détournement” hafa indray no miandry izay “coordinateur” mipetraka eo. Miompana amin'ny antsoina hoe fitondrana tsara tantana izany rehetra izany. Miankina amin'ny «lutte contre la corruption» sy ny «lutte contre l'impunité» izay ataon'ny olona fialokalofana sy miaina amin'ny harena tsy azo tamin'ny marina. Ny olona matahotra ny fametrahana ireto lalàna ireto dia efa azo ahiana sahady, fa miaina ao anatin'ny zavatra tsy mazava.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Misaotra anareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.

Misaotra anareo Solombavambahoaka rehetra ary ialako tsiny raha toa nisy teny latsaka mety tsy nahaso.

Misaotra Tompokolahy.

Misaotra Tompokovavy.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao Andriamatoa Minisitry ny Fitsarana.

Misaotra ny Minisitry sy ny namany.

Mbola misy teknisiana hanohy sa ianao Minisitry mihitsy no handray fitenenana.

Omena an-dRamatoa RAKOTONDRAJERY R. Salohy ny fitenenana.

Ramatoa RAKOTONDRAJERY R. Salohy, Tale Jeneralin'ny Fandraharahana ara-pitsarana sy ny Fanavaozana

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena;

Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;

Ianareo Solombavambahoakan'i Madagasikara hajaina;

Ianareo Minisitry mpikambana ao amin'ny Governemanta;

Ianareo teknisiana namana sy ny mpiara-miasa eto amin'ny Antenimierampirenena.

Mikasika ny hitsivolana laharana faha-2019-007 tamin'ny 6 Jona 2019 momba ny mariboninahi-pirenena no itondrako fanazavana fohy araka ny lahadinika napetraka.

Ny tanjon'ity hitsivolana ity dia hametra ny fitsipika mikasika ny fandaminana sy ny andraikitra ny «Ordre National Malagasy» ary koa ny fomba fiasan'ny «Conseil de l'Ordre National».

Raha ara-tantara no jerentsika, iarahana mahalala fa misy lalàna roa mifehy ny «Conseil de l'Ordre National» sy ny «Ordre National Malagasy».

Voalohany, ny lalàna laharana faha-2016-015 tamin'ny 4 Aogositra 2016 mikasika ny «Conseil de l'Ordre National». Ny faharoa, ny lalàna laharana faha-2017-001 tamin'ny 26 Jolay 2017 mametraka ny «Ordre National Malagasy».

Raha jerena ny «Ordre National» sy ny «Conseil de l'Ordre National» dia zavatra tsy tokony hisaraka. Izany no antony nanaovana ity hitsivolana ity, mba ahafahana mampisy fifandrinana kokoa amin'ny fandehanan'ireo «entités» roa ireo, satria misy fifanoherana indraindray, misy zavatra tsy mazava ary tokony hahitsy sy azavaina. Izay no antony, fa ny tena mahaliana antsika dia hoe inona no fanavaozana lehibe nentin'ity hitsivolana ity.

Misy teboka dimy angamba no azo itondrana azy.

Voalohany, atambatra ao anaty lalàna iray ny «texte» mifehy ireo «entités» roa ireo, ny «Conseil de l'Ordre National» sy ny «Ordre National Malagasy» izany.

Faharoa, ny fanitarana ny sehatry ny lalàna. Nampidirina tao anatin'ity hitsivolana ity ireo fepetra noraisina tamin'ny «domaine réglementaire» teo aloha. Ohatra amin'izany ny fanomezana «brevet» sy «insigne», ny «cérémonial de réception», ny «admission» sy ny «avancement» ao anatin'ny «ordre» ary ny «forme de la décoration» sy ny fomba fitondrana izany «décoration» izany.

Fahatelo, ny fanavaozana nentina dia ny «révision à la baisse des critères». Fantatsika fa misy fepetra napetraky ny lalàna teo aloha. Ohatra, raha tsy feno 45 taona, tsy miditra ao anatin'ny «Ordre national», fa amin'ity hitsivolana ity, nahena ho 40 taona izany «critère» izany.

Teo aloha, mila manana «ancienneté» 20 taona amin'ny asa vao afaka misitraka izay fahafahana miditra ao amin'ny «Ordre national» izay, fa amin'ity hitsivolana ity, nahena ho 15 taona izany.

Fahaefatra, feran'ity hitsivolana ity ihany koa ny isa sy ny sata mifehy ireo mpikambana ao anatin'ny «Conseil de l'Ordre»; raha taloha, mbola «texte» hafa no mametra izany.

Teboka farany, fanatsarana ireo «dispositions» tamin'ny lalàna laharana faha-2017-001 tamin'ny 26 Jolay 2017. Ohatra amin'izany, ny andininy faha-5, mametra fa ny Fitsipika Mifehy ny «Conseil de l'Ordre National Malagasy» dia fehezin'ny lalàna. Tsy mety izay zavatra izay satria tsy tokony ho lalàna mitovy lanja amin'ny lalàna ihany no mametraka ny «autres normes à valeur législative».

Ny andininy fahavalo amin'ny lalàna koa milaza, fa ny mpikambana ao amin'ny «Ordre National» dia tendren'ny Filohan'ny Repoblika amin'ny alalan'ny Didim-panjakana izay soniavin'ny «Grand Chancelier». Io «contre signer»-n'ny «Grand Chancelier» io no nesorina satria fantatsika fa ny Lalàmpanorenana, andininy faha-62, mametraka hoe inona avy ireo «acte» raisin'ny Filohampirenena. Mila «contre signer» ary voalaza ao ireo olona afaka manao izay «contre signature» izay. Ohatra, ny Praiminisitra, ny Minisitry voakasiky ny «acte» raha ilaina, fa ny «Grand Chancelier» tsy «habilité» manao sonia «decret» miaraka amin'ny Filohampirenena.

Toa izay raha aravona ny fanavaozana entin'ity hitsivolana ity.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Ramatoa Tale Jeneraly.

Izay no fanazavana nomen'ny mpikambana avy amin'ny Governemanta mikasika ireo hitsivolana entina eto anatrehantsika ireo.

Sao mbola misy tsy mazava amintsika Solombavambahoaka, ka hametrahantsika fanontaniana sy hangatahantsika fanazavana fanampiny avy amin'izy ireo. Isaorantsika izy ireo.

- 10 -

- Fandraisam-pitenenan'ny Vondrona Parlemantera -

Ramatoa FILOHA

Alohan'ny hirosoantsika amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra; marina ny voalazan'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera teo satria hamelabelatra ny heviny izy ireo, fa tsy hiady hevitra.

Avy amin'ny IRD raha manan-kambara ny Filohany.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Noho ny tombotsoa ambonin'ny firenena, Ramatoa Filoha, raha nandray fanapahan-kevitra tamin'ny fampandaniana, fankatoavana, ireny «ordonnances» teo aloha ireny izahay ary hankatoa sy handany ihany koa ny manaraka rehefa avy eo. Ny anton'izany, Ramatoa Filoha, rehefa nandinika sy nandalina ny fanazavana nomen'ny teknisiana teo izahay, tsapanay amin'ny lafiny politika, ny nampandalovana azy ireto eto amin'ny Antenimiera. Fanomezana lanja lehibe ity Andrimpanjakana ity ny zavatra tahaka izany. Noho izany, «bravo» ho an'ny Governemanta izay manana finiavana politika manome hasina sy lanja ity Antenimiera ity.

Faharoa, eo amin'ny lafiny fifidianana, Ramatoa Filoha, nandany tsy misy fepetra an'iny «ordonnance» iny izahay satria ny fisian'izy ity no mametra ny lalàm-pifidianana misy amin'izao fotoana izao. Mazava ireo zavatra tsy ampy na ireo nampifanolana antsika mpanao politika hatramin'izay. Niravona noho ny fisian'ity «ordonnance» vaovao izay noraisin'ny Filohan'ny Repoblika ity, raha amin'ny lafiny lalàna no ijerenay azy. Efa voalaza teo fa nandalo «contrôle» tany amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, izay fitsarana faratampony eto amin'ny tany Repoblikan'i Madagasikara ny mikasika ny fijerena ny fanarahan-dalàna teto amin'ny tany sy ny fanjakana. Niarahana niresaka teo izany ary ireo «ordonnances» ireo dia noraisin'ny tao amin'ny Filankevitry ny Minisitra. Misy Minisitra roa amby roapolo no niaraka nikaon-doha tamin'ny Filohan'ny Repoblika, namadibadika sy nijery ary nanome tombotsoa ho an'ny firenena ireo lalàna ireo.

Izay, Ramatoa Filoha, no naharesy lahatra anay rehetra tato ka nahatonga ny fanapan-kevitra nandany sy nankatoa ary mbola hankatoa izay mandalo eo.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Filohan'ny Vondrona Parlemantera.

Omena fitenenana ny Lehiben'ny Vondrona Parlemantera TIM.

Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Isaorana be dia be ianao nanome fitenenana ary arahabaina daholo ireto delegasionan'ny Governemanta ireto.

Mijoro eto ny tenako satria raha mandray fitenenana dia mahatsiaro antsika tamin'ny toerana teo aloha, toa ady samaritaka ny loko tato indray mandeha. Andriamatoa Rossy io tamin'izay no nanasaraka, satria eto ohatran'ny Lapan'ny Demokrasia, dia tokony hiraaisana ny zavatra, «collectif des députés 73».

Ireto taratasy betsaka be nomenao anay omaly ireto, Ramatoa Filoha, ho entinay hidina rahampitso, fa ireto nianatra ny nianaranay omaly koa. Nozaraina taminay tamin'ny dimy ora fa vitanay androany ny nandany azy tamin'ny dimy ora ihany koa.

Gaga ny tena satria tsy mbola izay no ato. Niteny aho hoe «collectif des députés». Mampahatsiaro fa nisy «engagement» ngezabe nomensika tamin'ny vahoaka hoe hanao sy hanova an'izao izahay. Ireto izy miverina indray. Omaly, rehefa tena nojerena, ao anatin'ny iray andro ianao dia mipetraka ary raha mijery, vao niteny teo Andriamatoa Minisitry hoe: tsy ampy ny fetr'isa kanefa mandainga isika, mitanisa olona marobe ao. Tsy nisy adihevitra, tsy misy na inona na inona; koa ahoana no mba hiresahanay.

Niresaka lalana, Andriamatoa Minisitry, teo. Tsy misy. Inona izany no hiresahanay. Ny Solombavambahoaka tato, ohatran'izao izahay mianakavy. Niainanay taloha izany ary izay indray no iverenanay amin'izao fotoana, satria hanova lalàna tsy maintsy entina any amin'ny vahoaka izahay. Eto kosa, Solombavambahoaka no tonga eto, fa izay lany tany tsy maintsy lany. Lany ity dia lany, samy hotahian'Andriamanitra.

Misaotra Tompoko.

Noho izany, izahay Vondrona Parlemantera Tiako i Madagasikara dia tsy handany an'io, Tompoko.

Misaotra anao, Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera Tiako i Madagasikara.

Ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR, na ny solotenany. Ny Solombavambahoaka DARKHAOUI Siritis, Solombavambahoakan'Ambanja.

Andriamatoa DARKHAOUI Siritis

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Raha mikasika ny tombotsoa amin'ny ho avin'ny firenena, izahay GPR, tsy mametraka olana, fa miombon-kevitra amin'ny namana mikasika ity raharaha ity. Izay no mba teny fohy apetrako eto. Tsy misy olana izany.

- Tehaka -

- 11 -

- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 -

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR isika.

Hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020 ity isika izao.

Marihina fa ahitana andininy miisa roa ity volavolan-dalàna ity.

Andininy voalohany, amin'ny teny vahiny: «Sont ratifiées les ordonnances suivantes prises en application de la loi n°2019-001 du 24 Février 2019 déléguant le pouvoir de légiférer au Président de la République:

- l'ordonnance n°2019-001 du 10 Mai 2019 sur le patrimoine routier;
- l'ordonnance n°2019-007 du 06 Juin 2019 relative à l'Ordre National Malagasy;
- l'ordonnance n°2019-015 du 15 Juillet 2019 relative au recouvrement des avoirs illicites».

Atsangano ny tanaan'izay mandany an'io andininy io.

- Solombavambahoaka miisa 78 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Solombavambahoaka miisa 5 no nanangan-tànana -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy voalohany ao amin'ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020.

Andininy faha-2: «La présente loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme loi de l'Etat».

Atsangano ny tanaan'izay mandany an'io andininy faharoa io.

- Solombavambahoaka 78 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Solombavambahoaka miisa 5 no nanangan-tànana -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faharoa amin'ity volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 ity.

Vita izay ny fijerena isan'andininy; hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny mikasika ity volavolan-dalàna ity isika.

Atsangano ny tanaan'izay mandany ity volavolan-dalàna ity.

- Solombavambahoaka miisa 78 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Solombavambahoaka miisa 5 no nanangan-tàna -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020.

- Tehaka -

Taorian'izay fandaniana izay, omena fitenenana raha manan-kambara ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Omena anareo ny fitenenana, Tompoko.

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena sy ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;

Tompokolahy sy Tompokovavy Solombavambahoaka isany.

Tsy hainay ny tsy haneho fisaorana noho ny finjavana nasehonareo nentina nandaniana ireo volavolan-dalàna ireo.

Atao hoe sitraka enti-matory, hovaliana raha mahatsiaro. Tsy izay loatra angamba ny tiana hotenenina fa tsapanay Governemanta, fa fitiavan-tanindrazana no nasehonareo mba ahafahan'ity tanindrazantsika ity miala amin'ny fahantrana mahazo azy. Ny fampandrosoana no imasoantsika. Ny isavorovoroan-kilatoana, ny hevitra diso tsy nifanarahana, angamba tsy izay no tokony hibahan-toerana, fa izay fahavononana hampandroso ny firenena ihany. Tsapanay Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoaka isany, fa tena tia tanindrazana ianareo.

Misaotra Tompoko.

- Tehaka -

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny mpikambana ao amin'ny Governemanta isika.

Tompokolahy sy Tompokovavy, izao indray isika dia horoso amin'ny fandinihana ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020 «portant ratification des ordonnances n°2019-008 du 15 Juillet 2019, n°2019-012 et 2019-013 du 15 Juillet 2019 abrogeant toutes les dispositions de la loi n°2017-011 du 28 Juillet 2017 portant Politique Nationale du Cinéma et de l'Image Animée de la loi n°97-035 du 01 Décembre 1997 portant création du Fonds d'Entretien Routier et de la loi n°2005-046 du 24 Avril 2005 portant création de l'Autorité Routière».

Koa iangaviana ny Mpampakatenin'ny Vaomiera handroso etỳ aloha hamaky ny tatitra momba izany.

- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2020 -

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Mitohy hatrany ny famakiana ny tatitra, ka toy izao izany.

Nivory ny Alakamisy faha-5 Martsa 2020 tamin'ny 10 ora sy sasany, maraina, ny Vaomiera mitambatra nahitana ireto Vaomiera manaraka ireto: ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zavakanto, ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany ary ny Vaomieran'ny Asa vaventy nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2020 tamin'ny 28 Febroary 2020 "portant ratification des ordonnances n°2019-008 du 15 juillet 2019, n°2019-012 et n°2019-013 du 15 juillet 2019 abrogeant toutes les dispositions de la loi n°2017-011 du 28 juillet 2017 portant Politique Nationale du Cinéma et de l'Image Animée, de la loi n°97-035 du 1^{er} décembre 1997 portant création du Fonds d'Entretien Routier et n°2005-046 du 24 avril 2005 portant création de l'Autorité Routière".

Andriamatoa RASALAMA Léon, Filohan'ny Vaomieran'ny Asa Vaventy sy Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot, Filohan'ny Vaomieran'ny Vaomieran'ny Kolotsaina no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana,

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

- 1- RAHOLDINA Naivo H.
- 2- ANDRIAMANALINARIVO Jocelyn
- 3- ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
- 4- RAFIDIMANANA Narson
- 5- RASALAMA Léon
- 6- BRILLANT DE L'OR
- 7- RABEHAJA Jean
- 8- ANDRIANARISON TEMIS TOCLE
- 9- RASOLOMANANA Beby Olivier
- 10- ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- 11- ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 12- ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 13- CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot
- 14- RAHASIMANANA Paul Bert
- 15- MBADE Jeannine Gabriel
- 16- RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime

Tsy mpikambana ao amin'ny vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- RAVONTY Tam Téon Luc
- 2- RAVELOSON Guillaume N.

- 3- RAMILISON Ange Richard
- 4- RATSIMANDRIONA Aïda Hardy

Ireto ny teknisiana tonga nanatrika ny fivoriana,
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|------------------------------------|--------------|
| 1. ANDRIANAINARIVELO Hajo | MATP |
| 2. RALAIMAZAVA Johary Andriamahery | SG/MCC |
| 3. RAZAFIARISON Francis | DG Cult./MCC |
| 4. RAKOTONDRATAFIKA H. | DAJ/MCC |
| 5. RATSISETRAINA Dina Valisoa | ISSM/MCC |
| 6. RAMANANTSOA Antsivalahiniriko | DAJ/MATP |
| 7. RAJERISON Henri | AT/MATP |
| 8. SAMBISOLO Emile Joseph | MATP |
| 9. RAPARSON Sarah | DAF/FR |
| 10. RANDRIANANDRASANA Hajaniaina | DGTP/MATP |
| 11. SERO TASSOU Anjara | SEL/DAJ/MCC |
| 12. RAHARIMANANA Emeline | MCC/CAB |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hitondran'izy ireo fanazavana momba ity volavolan-dalàna ity.

Nambaran'Andriamatoa Minisitra fa ity volavolan-dalàna ity dia natolotra mba hahazoana ny fankatoavana etỳ anivon'ny Parlemanta ireo «ordonnances n°2019-008, n°2019-012 et n°2019-013 du 15 juillet 2019 abrogeant toutes les dispositions de la loi n°2017-011 du 28 juillet 2017 portant Politique Nationale du Cinéma et de l'Image Animée, de la loi n°97-035 du 1^{er} décembre 1997 portant création du Fonds d'Entretien Routier et n°2005-046 du 24 avril 2005 portant création de l'Autorité Routière”.

Ny hitsivolana laharana faha-2019-012 dia mikasika ny fanovàna ny “Fonds d'Entretien Routier (FER)” ho “Fonds Routier (FR)” izay tsy nijanona amin'ny fikojakojana ny lalana ihany, fa miaraka amin'ny fitantanana sy ny fanamboarana ary ny fikojakojana ny “réseaux routiers” ihany koa.

Ny hitsivolana laharana faha-2019-013 kosa dia mikasika ny fanovàna ny «Autorité Routière de Madagascar (ARM)» ho «Agence Routière (AR)».

Mikasika ny hitsivolana laharana faha-2017-011 tamin'ny 28 Jolay 2019 izay milaza ny Politikam-pirenena momba ny sarimihetsika sy sarimiaina (Politique Nationale du Cinéma et de l'Image Animée) dia nomarihan'ny teknisiana fa tamin'ny taona 2018 no nahatsapana ny tsy fanarahana ny voalazan'ny Lalàmpanorenana teo amin'ireo fepetra entina nanangana ny «Etablissement Public». Anisan'izany ny OMACI izay natsangana tamin'ny alalan'ny lalàna, fa tsy tamin'ny didim-panjakana.

Nampahafantatra ihany koa ny teknisiana, fa ireo «Etablissements Publics» niorina talohan'ny taona 2019 dia tsy maintsy manaraka ny lalàna laharana faha-2018-037 izay mametraka ho 12 volana ny fanarahana ny lalàna, ka tapitra ny 8 Febroary 2020 lasa teo izany.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandaniana isan'andiny ny volavolan-dalàna ireo mpikambana ao amin'ny vaomiera mitambatra.

Andininy voalohany: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-2: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Nankatoavin'ny Vaomiera mitambatra tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2020 tamin'ny 28 Febroary 2020 "portant ratification des Ordonnances n°2019-008 du 15 juillet 2019, n°2019-012 et n°2019-013 du 15 juillet 2019 abrogeant toutes les dispositions de la loi n°2017-011 du 28 juillet 2017 portant Politique Nationale du Cinéma et de l'Image Animée, de la loi n°97-035 du 1^{er} décembre 1997 portant création du Fonds d'Entretien Routier et n°2005-046 du 24 avril 2005 portant création de l'Autorité Routière" ary hoentina eny anivon'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora sy sasany, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

- 13 -

- **Fanamarihana sy fanitsiana momba ny tatitra** -

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka Mpampakateny.

Angamba tonga dia omen-dalana ianao handray ny toeranao.

Misaotra Tompoko.

Hiditra amin'ny fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra isika, raha misy tsipelina diso ohatra.

Isika Solombavambahoaka aloha.

Tsy misy ny an'ny Solombavambahoaka.

- Tsy misy -

Ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

- Tsy misy -

Ity izany no tatitra tena madio.

Andriamatoa Minisitry ny Asa Vaventy sy ny Fanajariana ny Tany.

Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ramatoa Filoha;

Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;

Ianareo Solombavambahoaka manatrika etoana sy ny namana Minisitry.

Fanamarihana efa voalaza teo aloha ihany, Ramatoa Filoha.

Mikasika ny DGAJER efa novain'Andriamatoa Mpampakanteny.

Eo amin'ny pejy faha-3, misy tsy mazava angamba ny mikasika ny hoe: nampahafantarina ihany koa. Nampahafantatra koa ny teknisiana fa ireo "Etablissements Publics" efa natsangana. Raha azo atao, Ramatoa Filoha, mba ovaina tanteraka io teny hoe: tamin'ny taona 2018 dia nomena 12 volana, izay tapitra tamin'ny 8 Febroary 2020 mba ahafahany hampanara-dalàna ny fametrahana azy. Raha azo atao, Ramatoa Filoha, mba ovana tanteraka hoe: nampahafantatra ny teknisiana, fa ireo "Etablissements Publics" niorina talohan'ny taona 2019 rehetra dia tokony hanaraka ny lalàna laharana faha-2018-037, izay mametra ho 12 volana ny fanarahana izany lalàna fe-potoana izany ary tapitra tamin'ny 8 Febroary 2020.

Ialana tsiny ihany koa, Ramatoa Filoha, fa misy tsy fahatomombanana ara-materialy sy lesoka kely tamin'ny famakiana ny volavolan-dalàna teo. Raha tsy mahadiso, ny volavola-dalàna laharana faha-003/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020 no nentina nodinihina teto anoloantsika teo ary ahitsiko fa tsy "autorisant" fa "portant ratification des ordonnances 2019-008 du 15 juillet 2019" fa tsy hoe "28 juillet 2019".

Torak'izany koa eo ambany araka ny voalaza ao amin'ny andininy voalohany hoe: "sont ratifiées les ordonnances n°2019-008 du 15 juillet 2019" sy 2019-012 ary 2019-013.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Raha sitrakao, omeko ny Sekretera Jeneraly ao amin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina ny fitenenana mikasika ny hitsivolana natolotry ny Minisitera iadidiany.

Ramatoa FILOHA

Omena anao ny fitenenana Andriamatoa Sekretera Jeneraly.

Andriamatoa RALAIMAZAVA Johary Andriamahery, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;

Miarahaba anareo Solombavambahoaka rehetra ihany koa.

Misolotena an-dRamatoa Minisitry ny tenako ary nampitondraina ny fialan-tsiny noho ny tsy fahatratrarany izao fotoanantsika androany izao.

Ombako manana ny tenin'ny Minisitry ny Asa vaventy teo mikasika ny daty hitantsika ato anatin'ity tatitra ity. Miangavy ny hanovàna ny ao amin'ny hitsivolana laharana faha-2019-008 koa izahay; ovaina ho 15 Jolay, fa tsy 28 Jolay ao amin'ny takelaka voalohany. Hitantsika ao amin'ny pejy faha-3 amin'ny andininy farany izany.

Anampiaiko azy, ao amin'ny pejy faha-2, misy fanitsiana kely ny andraikitra sahanin'Andriamatoa RAZAFIARISON Francis, tsy hoe: "Directeur Commercial", fa "Directeur Général de la Culture" no izy. Eo ihany koa momba ny voambolana iombonanana ampiasaintsika raha didy hitsivolana no voasoratra ao anatin'ny tatitra, hitsivolana no heveriko fa ifanarahana.

Ahitana fahadisoana ihany koa ao amin'ny pejy faha-3, «paragraphe» faharoa, mikasika ny hitsivolana laharana faha-2017-011 tamin'ny 28 Jolay 2017, izay milaza ny politikam-pirenena momba ny sary mihetsika sy ny sary miaina no izy fa tsy hoe miaina fotsiny.

Izay, Ramatoa Filoha, no fanamarihana avy aminay.

Ramatoa FILOHA

Misaotra an'Andriamatoa Sekretera Jeneraly tamin'ny fanitsiana ny tatitra nentiny teo isika.

Rehefa izany, omena an'Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy ny fitenenana hitondrany fanazavana mikasika ireo hitsivolana izay hankatoavina eto androany ireo.

- 14 -

- Fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna -

Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anareo ao amin'ny Birao Maharitra sy ny Solombavambahoaka rehetra tonga manatrika izao fivoriana izao.

Ny voalohan-teny dia mametraka ny fialan-tsiny avy amin-dRamatoa Minisitry ny Kolotsaina sy ny Serasera izay tsy afaka mihaona amintsika eto androany.

Raha ny volavolan-dalàna entina eto, araka ny volazanao teo, Ramatoa Filoha, mikasika ny hanaovana "ratification"-n'ny fanafoanana ny lalàna telo teo aloha dia ny lalàna mikasika ny "Fonds d'Entretien Routier". Efa nankatoavina ihany koa ny hoe "Patrimoine Routier"; toa izany koa ny "Autorité Routière de Madagascar" izay lasa «Agence routière» no anarany.

Farany, ny fanafoanana ny lalàna mikasika ny politikam-pirenena momba ny sary mihetsika sy ny sary miaina.

Ireo rehetra ireo, Ramatoa Filoha, no volavolan-dalàna arosonay eto ka angatahana ny fankatoavana ireto hitsivolana laharana faha-2019-008 sy ny laharana faha-2019-012 ary ny laharana faha-2019-013 tamin'ny 15 Jolay 2019 ireto.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

- Fandraisam-pitenenan'ny Vondrona Parlemantera -

Ramatoa FILOHA.

Misaotra anao Andriamatoa Minisitra.

Mbola manana fanazavana hafa ve ny mpikambana ao amin'ny Governenanta na ny Solombavambahoaka.

Rehefa tsy misy fanampim-panazavana mikasika an'ireto hitsivolana aroso eto amintsika ireto dia hiditra avy hatrany amin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2020 tamin'ny 26 febroary 2020 isika izao.

Alohan'izany anefa, omena ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera TIM ny fitenenana.

Adriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges

Mazava ny resaka nataonay teo, Ramatoa Filoha, fa tsy handray anjara amin'ny fifidianana momba io zavatra tsy voadinika io izahay.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao Andriamatoa Filohan'ny Vondrona Parlemantera.

Omena ny solotenan'ny Vondrona Parlemantera GPR ny fitenenana.

Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'arc

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anareo solotenan'ny Governemanta.

Miarahaba ihany koa ny Solombavambahoaka namana izay tonga manatrika ny fivoriana.

Mazava ny anay Vondrona Parlematera GPR, Ramatoa Filoha, efa notapahanay teo, fa izay mahatsara ny firenena no arahana.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Solombavambahoaka izay misolo tena ny Vondrona Parlematera GPR.

Mandray fitenenana farany ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Araka ny voalaza ao amin'ny andininy faha-104 ao amin'ny Lalàmpanorenana dia manome fahefana ny Filohan'ny Repoblika isika hanao lalàna mba ahafahany manatanteraka ireo vina maro samihafa hanarenana ny firenena.

Amin'izao fotoana izao, tonga ato amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena ireto «ordonnances» miisa 9 ireto izay navoaka nandritra izany fotoana izany. Eto izahay, Ramatoa Filoha, miantso ny Vondrona Parlemantera TIM sy ny GPR ary ny IRD hampandany sy hankatoa tsy misy fepetra ireto «ordonnances» ireto.

Misaotra Tompokolahy,
Mankasitraka Tompokovavy.

- 16 -

- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2020 -

Ramatoa FILOHA

Misaotra an'Andriamatoa Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD isika.

Rehefa tsy misy manan-kolazana intsony, hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity volavolan-dalàna laharana faha-003/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020 ity isika.

Marihana fa ahitana andininy roa ity volavolan-dalàna ity.

Andininy voalohany: «Sont ratifiées les ordonnances n 2019-008 du 15 juillet 2019, n 2019-012 et n 2019-013 du 15 juillet 2019 abrogeant toutes les dispositions de la loi n 2017-011 du 28 juillet 2017 portant Politique Nationale du Cinéma et de l'Image Animée, de la loi n 97-035 du 1^{er} décembre 1997 portant création du Fonds d'Entretien Routier et n 2005-046 du 24 avril 2005 portant création de l'Autorité Routière».

Atsangano ny tanaan'izay mandany an'io andininy voalohany io

- Solombavambahoaka miisa 77 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Solombavambahoaka miisa 3 no nanangan-tànana -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy voalohany amin'ity volavolan-dalàna laharana faha-003/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020 ity.

Andininy faharoa: «La présente loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme loi de l'Etat».

Atsangano ny tanaan'izay mandany an'io andininy faharoa io.

- Solombavambahoaka miisa 77 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Solombavambahoaka miisa 3 no nanangan-tànana -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny andininy faharoa amin'ity volavolan-dalàna laharana faha-003/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020 ity.

Vita izay ny fijerena ny isan'andininy, hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny mikasika ity volavolan-dalàna ity isika.

Atsangano ny tànana'izay mandany an'ity volavolan-dalàna ity.

- Solombavambahoaka miisa 77 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Solombavambahoaka miisa 3 no nanangan-tànana -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany koa ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020.

Mitodika amin'ny Governemanta isika raha toa manan-kolazaina izy ireo taorian'izay fandania natao teo izay.

Omena anareo ny fitenenana Tompoko.

Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy

Ramatoa Filoha;

Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;

Ianareo Solombavambahaoaka hajaina rehetra;

Ianareo Minisitry namana manatrika eto.

Mankasitraka, Tompoko, tamin'ny fandania ireto volavolan-dalàna nahitana ny hitsivolana noraisin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika nandritra ny tsy nisian'ny fahefana mpanao lalàna teto amin'ny firenena ireto.

Voaray ny toromarika rehetra izay narosonareo Solombavambahoaka mikasika ny Minisitera teo. Efa tonga ao amin'ny biraon'ny "commission" ny Didim-panjakana momba ny "Fonds Routier", ka azontsika raisina ao izany araka ny fifanarahana tamin'ny maraina teo.

Hitantsika teo fa lalàna mikasika ny fiainam-pirenenana ireo lalàna izay navoakan'ny Filohampirenena ireo. Raha ny mikasika ny «ordonnance n°2019-012» teo, andininy miisa telo no nalain'Andriamatoa Filohampirenena tao, ny «article 1^{er}: Sont et demeurent abrogées toutes les dispositions de la loi n°97-035 du 1^{er} décembre 1997 portant création des Fonds d'Entretien Routier».

«Article 3: la présente loi sera publiée au Journal Officiel de la République», tao amin'ny «ordonnance n°2019-013». Mino aho fa noho ny fitiavan-tanindrazana no nahafiozanareo fotoana namakiana an'ireo «articles» telo ireo ary afaka nisafidy sy nifidy malalaka tsara tamin'ity andro androany ity.

Mankasitraka anao, Ramatoa Filoha.

Mankantelina anareo Solombavambahoaka tsirairay avy ihany koa.

Misaotra Tompoko

Ramatoa FILOHA

Misaotra an'Andriamatoa Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy, nitondra ny tenin'ny Governemanta teo.

Hofaranana ny fotoana raha toa tsy manan-kolazaina intsony isika. Alohan'izany anefa, tiako ny manamarika etoana fa tsy mitaredretra ny tao amin'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy, fa efa tonga eto ny Didim-panjakana mitondra ny laharana faha-2019-1278 tamin'ny 19 Jona 2019 "fixant l'organisation de fonctionnement, des attributions du Fonds Routier". Azon'ny Filohan'ny Vaomiera alaina ao amin'ny Sekretera Jeneraly izay zava-baovao izay.

Ramatoa FILOHA

Mialohan'ny hiatoan'ny fivoriana, tiako ny mampahatsiahy antsika, fa miankina amin'ny fahatongavan'ny lalàna avy any amin'ny Antenimierandoholona ny fandaharam-potoanantsika manaraka. Koa samia mazoto mijery ny hafatra an-tsoratra ao amin'ny findaintsika isika rehetra ary hazoto hiaino vaovao matetika.

Ny Alakamisy 12 Martsa 2020 izao, hisy ny fihaonantsika amin'ny Minisitry ny Fahasalamana sy ny Minisitry ny Fitaterana mikasika ny fihanaky ny aretina "coronavirus", manomboka amin'ny 9 ora sy sasany, maraina. Amin'ny 3 ora, tolak'andro, kosa hiaraka amin'ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta izay tomponandraikity ny Filaminana dia ny "Sécurité Publique", "Sécurité Intérieure" ary ny SEG isika.

Natao izany noho ny fangatahan'ny Solombavambahoaka maro mba ho fampiharana sy fanajana ny andininy faha-102 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Manentana antsika ho tonga maro ary samy havitrika amin'ny fanatanterahana izany.

Mirary soa sy miarahaba sahady ny vehivavy rehetra ho tratry ny 8 Martsa 2020 ho avy izao.

Misaotra Tompokolahy;
Mankasitraka Tompokovavy.

Niato tamin'ny 7 ora sy 45 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

FIZAHAN-TAKELAKA

	Pejy
- Fitohizan'ny fivoriana	01
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	01
- Fiantsoana anarana	02
- Teny nataon-dRamatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina	02
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	02
- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020	03
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta	03
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	07
- Fanitsiana sy fanamarihana momba ny tatitra	07
- Teny nataon'Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Ministry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana	07
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	08
- Teny nataon'Andriamatoa IDEALSON	08
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	08
- Teny nataon-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine.....	08
- Fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020	09
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	09
- Teny nataon'Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Ministry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana	09
- Teny nataon'Andriamatoa RAVOKATRA Fidiniavo, Ministry ny Harena ankibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika	10
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	11
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges.....	12
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	12
- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020	12
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	12
- Teny nataon'Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tinarivelo, Ministry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana	14
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	14
- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020	15
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime.....	15
- Fanamariaha sy fanitsiana momba ny tatitra	21
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	21
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot	21
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	21
- Teny nataon'Andriamatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain	21
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	22
- Teny nataon'Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina.....	22
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	22
- Teny nataon'Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana	22
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	22
- Teny nataon'Andriamatoa FELICIEN Randrianantenaina	22
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	23
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred.....	23

- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	23
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIAMAHEFARIVO Johnny Richard, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana, Ministry ny Fitsarana	23
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	23
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Ministry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy	24
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	24
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Ministry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy	24
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	24
- Teny nataon'Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert	24
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	25
- Teny nataon'Andriamatoa TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or	25
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	25
- Fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna	25
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Ministry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy	25
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	26
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIAMAHEFARIVO Johnny Richard, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana, Ministry ny Fitsarana	27
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	27
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIAMAHEFARIVO Johnny Richard, Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana, Ministry ny Fitsarana	27
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	29
- Teny nataon-dRamatoa RAKOTONDRAJERY R. Salohy, Tale Jeneralin'ny Fandraharahana ara-pitsarana sy ny Fanavaozana	29
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	30
- Fandraisam-pitenenan'ny Vondrona Parlemantera	30
- Teny nataon'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert	31
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	31
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges	31
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	32
- Teny nataon'Andriamatoa DARKHAOUI Siritis.....	32
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020.....	32
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	32
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	32
- Teny nataon'Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Ministry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana	34
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	34
- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2020	35
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime.....	35
- Fanamarihana sy fanitsiana momba ny tatitra	37
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	37
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Ministry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy	38
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	38

- Teny nataon'Andriamatoa RALAIMAZAVA Johary Andriamahery, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina	38
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	39
- Fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna	39
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy	39
- Fandraisam-pitenenan'ny Vondrona Parlemantera	40
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	40
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges	40
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	40
- Teny nataon-dRamatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'arc.....	40
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	40
- Teny nataon'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert	40
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2020.....	41
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	41
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy	42
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	43
- Fiatoan'ny fivoriana	44